# *Fanontaniana Sy Valiny*

Ary faly aho tonga eto indray izao hariva izao ao amin'ny asan'ny Tompontsika. Ary ankehitriny, ny mahita anareo rehetra faly sy mihira an'ireo hira tranainy mahafinaritra ireo, ny rehetra feno ny fanahy sy ny sisa, dia manao antsika hahatsapa ho tena tsara.

2 Ary faly isika ny hiezaka haka fotoana fohy indray izao hariva izao hamaliana fanontaniana iray na roa. Somary naka betsaka tamin'ny fotoanareo izahay aninkeo maraina, saingy manantena aho fa nahazo an'ilay fitahiana izay nolazaiko fotsiny mikasika an'izany ianareo. Izany dia . . . Fantatrareo, manana betsaka ho resahana isika, sa tsy izany? Ary manana Olona iray ho resahana isika, izany dia Jesosy Tompontsika.

3 Rahalahy Teddy, raha izaho . . . raha sitrakao, dia mijanòna eto vetivety fotsiny. Nilazana aho fa nisy zaza kely marary ato amin'ny tranobe.

4 Ary alohan'ny hanombohako eo amin'ity, manana Fandraisana isika (noho izany dia tiantsika . . . tsy tiantsika ny haka fotoana be loatra) ary angamba batisa iray. Ary izy ireo . . . Tiako ny—ny hivavaka ho an'ireo izay te-hivavahana aloha, izay ity, mba hivavaka ho an'ny marary aloha, alohan'ny hanombohako.

5 Ary ankehitriny, raha . . . Teddy, raha sitrakao, dia tendreo ity hira ity, *Ilay Mpitsabo Lehibe Dia Akaiky Ankehitriny*. Ary hiantso ny marary isika ka hangataka fitahiana ho azy ireo eto. Firy eto no hivavahana izao hariva izao? Nisy sasany tsy vitanay aninkeo maraina. Raha manangana ny tànanareo ianareo, raha ianareo . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] . . . ary mandre an'izany fijoroana vavolombelona izany, ka midera an'Andriamanitra nohon'ny Fahatsarany rehetra. Deraina Andriamanitra izay mampitondraka an'ireo fitahiana rehetra. Marina ve izany?

6 Ankehitriny, hanomboka haingana mihitsy eo amin'ireo fijoroana vavolombelona ireo isika ankehitriny, ary hiezaka isika, na, miala tsiny, eo amin'ireo fanontaniana. Ary manantena aho fa handraraka an'ireo Fitahiany fotsiny Andriamanitra ao—ao amin'izany fanao izany.

7 Ary ankehitriny, aza avela handeha lavitra loatra eo amin'izy ireo aho. Rahalahy Cox, hiantso ny fifantohanao aho, ianao sy ireo diakona mipetraka eo amin'ny laharana aloha, hampijanona ahy rehefa izaho . . . rehefa tonga ny fotoana hanomezana antsika ny Fandraisana (hitanareo?), satria mitazona azy ireo ela loatra aho. Hiezaka handeha haingana arak'izay vitako aho. Ary avy eo, raha tsy vitako izy ireo amin'ity

Alahady ity, dia halaiko izy ireo amin'ny Alahady heriny; tsia, hiezaka aho ny hahavita hatramin'ny farany izao hariva izao.

8 Tena fanontaniana tsara izy ireo. Ary teneniko aminareo, ry sakaiza, raha tsy nisy an'ilay fifohazana sy ny sisa izay mandeha, dia ho tiako ny hametraka herinandro mitohy fotsiny eo amin'ireo fampianaran'ny Baiboly an'ny. . . an'ny Genesisy, sy Eksodosy, ary Apokalypsy, sy ny sisa, ary—ary manana fotsiny fo—fotoana iray tena tsara. Tiako ireo fanontaniana lalina ara-Baiboly sy ireo fampianarana ara-Baiboly, raha mbola tsy mivily mankany amin'ny zavatra angano foana ianareo. Mijanòna mahitsy tsara fotsiny ao amin'ilay Tenin'Andriamanitra mazava, tranainy, tsy mifangaro; Izany no hitondra anareo mihitsy hatramin'ny farany. Tsy mino an'izany ve ianareo?

9 Eny fa, aninkeo maraina, isika dia nanana ny sasany—ny sasany amin'ireo fanontaniana tsara indrindra, ny sasany tamin'izy ireo dia mikasika an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, iza izy ireo, ary ho isan'iza izy ireo? Ary—ary mikasika ny Ampakarina. Ary oh, zavatra maro fotsiny, ary fanontaniana tena lalina mihitsy. Ary nanana vitsivitsy aho izay tsy vitako.

10 Ankehitriny, izao hariva izao dia hanomboka mihitsy isika eto eo amin'ity anankiray ity, ary hangataka ny Tompo mba hanampy antsika. Ary ankehitriny, tsy afaka manokatra ny Baiboly isika. Afaka manokatra an'Azy tahaka an'izao isika, saingy mila an'Andriamanitra ny manokatra Azy marina tokoa amintsika. Afaka mamadika an'ireo pejy isika. Fa ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, rehefa nijery i Jaona, ka nahita Anankiray nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana izy, dia nisy. . . Nanana Boky iray Izy teny an-Tànany. Ary tsy nisy olona izay mendrika handray ny Boky, na hamaha an'ireo Tombokase, na hijery azy akory aza. Tsy nisy olona tany An-danitra, tsy nisy olona tety an-tany, na olona tany ambanin'ny tany, na tsy nisy na taiza na taiza izay—izay mendrika. Ary nahita Zanak'ondry iray izy, toy ny efa voavono hatrany amin'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy. Ary tonga Izy ka nandray ny Boky avy teny an-Tànany ary nanokatra an'ireo Tombokase; Jesosy Kristy Izany.

11 Ankehitriny, niresaka tamin'ny lehilahy iray aho tamin'ity herinandro ity, lehilahy iray tena mpandraharaha malaza tao an-tanàna, izay nilaza tamiko momba ny fiverenana any Afrika sy Inde: hoy izy hoe, "Nahoana, vao avy namono jeneraly Britanika iray izy ireo any."

Hoy aho hoe, "Inona no idiran'izany amiko?"

Hoy izy hoe, "Hiverina any ve ianao izay isehoan'io famonoana olona rehetra io, ilay korontana ara-poko, sy ny sisa?"

Hoy aho hoe, "Azo antoka, any no ilàna ahy, any no tian'ny Tompo handehanako."

Hoy izy hoe, “Ahoana raha vonoin’izy ireo ianao?”

Hoy aho hoe, “Eny, raha tian’Andriamanitra hovonoina aho, dia hovonoina fotsiny, izay ihany.”

Dia hoy izy hoe, “Oh, oadray!” Hoy izy, “Rahalahy Branham, tsy tokony hieritreritra an’izany ianao. Eny,” hoy izy, “tsy ahoako. Heveriko fa mpivavaka ianao, ary heveriko fa lehilahy tsara iray ianao,” hoy izy, “saingy namono an’i Jesosy Kristy mihitsy aza izy ireo.”

Hoy aho hoe, “Azo antoka, izany no sitrapon’Andriamanitra.”

Hoy izy hoe, “Inona? Sitrapon’Andriamanitra?” Izaho... Ary nandeha tany am-piangonana io lehilahy io (manakaiky ny fitopolo taona izy), nandeha tany am-piangonana (eo amin’ilay rezistra ao amin’ny fiangonana tsara eto amin’ity tanàna ity izy), ary notezaina, nefa tsy nahafantatra mihitsy fa sitrapon’Andriamanitra ny nahafatesan’i Jesosy.

12 Nahoana, hoy aho hoe, “Rahalahy, Izy dia voavono hatrany amin’ny fanorenana an’izao tontolo izao, hatrany amin’ny fiandohana mihitsy. Voavono talohan’ny hany Nahatongavany teto an-tany Izy.” Marina ve izany? Izy no Zanak’ondrin’Andriamanitra voavono hatrany amin’ny fanorenana ny tany.

13 Ndeha isika hiresaka Aminy vetivety fotsiny ho an’ireo fanontaniana. Ankehitriny, Ray, tsy mendrika izahay, ary tsy afaka, fantatray, ny hanokatra ny Boky na hijery an’izany. Fa aoka ho tonga ilay Zanak’ondry izao hariva izao, ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay voavono hatrany amin’ny fanorenana an’izao tontolo izao, handray an’ireo zavatra izay an’Andriamanitra ka hanolotra azy ireo ho an’ny fiangonana. Enga anie ny Fanahy Masina hitondra an’ireto teny ireto, ary enga anie izy ireo tsy ho ny teniko na tenin’olona, fa enga anie izy ireo ho Tenin’Andriamanitra ho an’ny fo noana tsirairay. Fa mangataka an’izany amin’ny Anaran’i Jesosy izahay. Amena.

Ny voalohany eto (tsy nampifamadihanay izy ireo na inona, fa arak’izay nahatongavany fotsiny), dia toa tena tsara ilay izy. Voalohany, firy no liana amin’ny fanontaniana? Aoka ho hitanay ny...Eny, tena tsara izany. Araka ny fantatro fotsiny.

**15.** Ankehitriny. **Mandeha any An-danitra ve ny olona amin’ny fahafatesana sa—sa mankany amin’ny helo avy hatrany, sa miandry ny fitsarana izy ireo?**

14 Fanontaniana tena tsara izany. Ary izany dia...mila fiheverana tsara betsaka, satria ny olona tsirairay dia liana, hoe ho inona izy rehefa tapitra ity fiainana ity? Ny olona tsirairay dia liana. Eny ankehitriny, izaho, raha ny amiko, izaho—tsy hahafantatra aho. Tsy maintsy hamaly avy amin’ny Baiboly aho.

15 Heveriko fa nisy vehivavy iray nampiakatra faktioran'ny telefona ho dimampolo dolara vao tsy ela avy tany Los Angeles, teo amin'ny dimy amby telopolo na efapolo minitra, na mihoatra angamba, amin'ny halavirana lava, niezaka hanao ahy hilaza fa ara-dalàna sy marina ny handaozany ny vadiny ka hanambadiany lehilahy hafa iray. Tsy hanao an'izany aho. Tsia! Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko!"

Hoy izy hoe, "Eny, mpanota ny vadiko, fa ity lehilahy ity dia Kristiana."

16 Hoy aho hoe, "Tsy misy idiran'izany amin'io. Hijangajanga ianao azo antoka mihitsy tahaka ny zavatra rehetra."

Hoy izy, "Eny, voan'ny raboka aho, ary tsy misy ilana ny hahavelomako raha tsy afaka mahazo an'io lehilahy io aho."

17 Hoy aho hoe, "Mientanentana fotsiny ianao fa tsy latsa-pitia, satria tsy mety ho izany ianao, izay ihany, satria io no vadinao. Ary nivoady ianao fa hiara-miaina aminy mandra-pahatongan'ny fahafatesana hampisaraka anareo. Ny zavatra hafa ankoatr'izany, dia mijangajanga ianao." Ary noho izany, dia nanohy namikitra fotsiny izy. Hoy aho hoe, "Ramatoa, tsy ilaina . . . "

Hoy izy hoe, "Raha hiteny amiko fotsiny ianao hoe mety tsara izany."

Hoy aho hoe, "Tsy hanao an'izany aho." Hoy aho hoe, "Izaho . . . "

Hoy izy hoe, "Eny, Ranadahy Branham, manana fahatokiana be dia be anao izahay."

18 Hoy aho hoe, "Noho izany dia henoy izay ezahako tenenina aminao. Miteny aminao ny Fahamarinana aho, satria tsy afaka milaza afa-tsy izay nolazain'Andriamanitra aho." Nilaza Andriamanitra fa marina izany, noho izany dia tahaka an'izany marina tokoa ilay izy. Hitanareo? Hoy aho hoe, "Tahaka an'izany—no natao haha-izy azy, ary tsy maintsy tahaka an'izany ilay izy."

19 Ary ankehitriny, ao amin'ireto fanontaniana ireto, dia tahaka an'izany no tiantsika haha-izy azy ireo. Ankehitriny, ilay izy dia heverina foana . . . Ankehitriny, ato, dia fantatrareo, ao amin'ity olona eran'ny tànana ity izao hariva izao, dia mety misy an'ireo karazana hevitra samihafa rehetra; ary mihevitra isika fa tsara izy rehetra, ny tsirairay avy amin'izy ireo. Tsara ny hevitrareo, ary izany dia ny . . . Saingy ankehitriny, izay ataontsika, isika dia tsy maintsy manana olona . . . Tahaka ny gisa fotsiny, ganagana, na inona na inona, ny zavatra rehetra dia ma- . . . tantely, ny zavatra rehetra dia manana mpitarika iray. Raha maty ilay tantely mpanjakavavy, dia fantatrareo izay mitranga. Maty ilay ganagana mpitarika, tsy maintsy manana

iray hafa ho azy izy ireo. Izany, tsy maintsy manana mpitarika iray fotsiny izy ireo.

20 Ary tsy maintsy manana mpitarika iray ny olona; ary ny Fanahy Masina no Mpitarika. Ary ny Fanahy Masina dia mametraka ao amin'ilay Fiangonana voalohany, apostoly, aorian'izany, mpaminany, sy ny sisa.

Nilaza ny olona iray vao tsy ela akory izay, nanao hoe, "Nahoana, Rahalahy Branham, tsy mila olona hampianatra antsika isika. Rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia tsy mila olona hampianatra isika." Hoy izy, "Milaza ny Baiboly fa ianareo dia tsy—tsy mila fampianarana."

21 Hoy aho, "Noho izany dia nahoana ilay Fanahy Masina iray ihany no nametraka tao amin'ilay Fiangonana an'ireo mpampianatra, hitanareo, hitanareo, ary nandamina an'ilay Fiangonana?" Izy ireo dia . . . Tsy maintsy manana mpampianatra isika. Marina izany.

22 Saingy ianareo dia tsy tokony hanana olona . . . Tsy tokony hampianatra anareo manao hoe, "Aza mijangajanga; aza mianiana, na maka . . . " Efa fantatrareo izany. Ny tena fieritreretanareo mihitsy avy amin'ny Fanahy Masina no miteny aminareo fa ratsy ny manao an'izany.

23 Fa ankehitriny raha ny amin'ny fampianarana ara-tSoratra, dia mila Fanahy Masina voahosotra iray izany. Marina izany. Ary Andriamanitra dia nandamina an'ilay Fiangonana tamin'ny alàlan'ireo apostoly sy mpaminany, ary ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana, sy fahagagana, sy ny sisa. Nandamina an'ilay Fiangonana Izy ary nametraka an'ireo mpampianatra sy ny sisa tao mba hitari-dàlana sy hitarika Ny Fiangonany. Ary aninkeo maraina, isika, araka ny nolazaintsika, Jesosy eo ambonin'ny tany satria Ny Vatany . . . Ary tahaka ny ihetsehan'ny Vatany fotsiny, izany dia tahaka ny aloka iray mampitaratra amin'ny tany fotsiny. Hihetsika miaraka aminy izany.

24 Ankehitriny, olona maro . . . Ny olona Adventista dia mino fa rehefa maty ny olona iray dia mandeha ao am-pasana avy hatrany izy ary mijanona ao, fanahy, vatana, sy ny zavatra hafa rehetra, mandra-pahatongan'ny fitsanganana. Ary ny azy ireo . . . Izy ireo dia miantso an'izany hoe "fanahy matory." Eny, mety tsara izany. Mety tsara izany raha mbola mino an'i Jesosy Kristy foana izy ireo ary ateraka indray, tsy handratra azy ireo izany. Fa ankehitriny, araka ny Soratra, hoe rehefa maty ny olona, raha Kristiana izy, raha nateraka indray izy, feno ny Fanahy Masina, dia tsy voatery hijoro ao amin'ny fitsaran'Andriamanitra mihitsy izy. Hitanareo? Mandeha avy hatrany eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Ary tsy voatery ho ao amin'ny fitsarana mihitsy izy, satria izy dia efa . . . Hitanareo?

25 Tsy voatery hitsangana ho an'izay nataon'i Kristy ho ahy aho. Ankehitriny, efa mpanota iray aho, fa ny fitsaran'i Kristy. . . Ity dia—ity ilay zavatra feno amin'ny teny fohy: Hoy Andriamanitra hoe, "Amin'ny andro ihinananao azy, dia izany no andro ahafatesanao." Nilamina hatreo izany.

26 Ankehitriny, tsy maintsy mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Tsy afaka manao na inona na inona hafa afa-tsy ny mihazona Ny Teniny Izy, satria Andriamanitra Izy. Eny noho izany, tsy afaka Izy. Noho izany, Izy. . . Tafasaraka amin'Andriamanitra ianareo. Ny. . . Ary noho izany, teraka tao amin'ny fahotana ianareo, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga. Noho izany rehefa teraka ianareo, dia mpanota iray ara-natiora. Noho izany dia tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao azonareo atao mikasika an'izany. Tsy misy na inona na inona azoko atao mba hamonjena ny tenako na ianareo hamonjy ny tenanareo. Izany dia izay nataon'i Kristy ho antsika tao amin'Andriamanitra, na, izay nataon'Andriamanitra ho antsika tao amin'i Kristy. Hitanareo? Ilay izy tsy, eny, raha mieritreritra an'*ity* aho na manao an'*ity*, ilay izy dia raha Izy no nanao an'*itsy*.

27 Eny ankehitriny, ao Aminy isika. Noho izany dia Izy no niaritra an'ireo fitsaran'Andriamanitra; Izy no nandray an'ilay fitsarana. Ary Izy, izay tsy nanan-tsiny tamin'ny ota, tsy nahalala ota, kanefa tonga ota ho antsika. Noho izany raha mbola ao amin'i Kristy foana ianareo, dia afaka amin'ny fitsarana. "Rehefa Hitako ny Rà, dia handalo anareo Aho." Hitanareo, hitanareo? Izay ilay izy. Ny Rà, izay manafaka antsika.

28 Ankehitriny, ilay mpanota mihitsy. . . Ilay mpanota dia tsy maintsy hiaritra. Ary tsy hisy afa-tsy io fitsarana io. Izany fotsiny dia tahaka ny—ny faribolana iray na avana iray manodidina an'izao tontolo izao an'ny Ràn'i Kristy. Raha mbola ato foana ianareo. . . Raha afaka nijery ny tany amin'ny toerany Andriamanitra izao hariva izao amin'ny fomba hafa afa-tsy amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy, dia ho Noravàny ao anatin'ny iray segondra izy. Ho nandrava Izy. Ho nandrava tokoa Izy. Eo no tonga ireo fitsarana.

29 Ankehitriny, raha, na, raha mbola eto ambany eto foana ny olona iray, tsy mampaninona raha mamolava iray ilay olona, sy mpiloka iray, ary tsy mpino mahatsiravina iray, dia mbola manao fanavotana ho azy foana ireo famindrampon'Andriamanitra. Ary ny vehivavy iray, izy dia mety ho, na mety ho inona izy, mpivarotena iray na inona, ny Ràn'i Jesosy Kristy dia mbola manao fanavotana ho azy foana. Fa amin'ilay minitra izay ialàn'ny fanahiny amin'io vatana io ka lasa any ankoatran'io izy, dia nandalo teo amin'ny famindrampo izy mankao amin'ny fitsarana. Efa nitsara

an'izany Andriamanitra. Milamina hatreo izany. Vita ny aminy. Voatsara izy. Nitsara izy . . .

30 Mitsara ny tenanareo araka ny itondranareo ny fanaovampanavotan'Andriamanitra ianareo, eo, ho an'ireo fahotanareo. Hitanareo? Mitsara ny tenanareo ianareo. Tsy mitsara Azy *fotsiny* ampy hamela anareo ianareo. Hitanareo? Raha mihevitra ianareo fa hamela anareo Izy, dia iaikeo ny fahadisoanareo, dia hamela anareo Izy.

31 Noho izany dia amin'ny Fanahy iray (mariho) no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray. Ary tahaka ny nananganan'Andriamanitra an'io vatana io, nitsangana tamin'ny maty, nohamarinina, mipetraka eo amin'ny Ankavanany ao amin'ny hery sy ny fiandrianana any Andanitra, dia toy izany koa ireo izay maty ao amin'i Kristy, dia ao amin'i Kristy, ary afaka amin'ny fitsarana, ka hivoaka amin'ny fitsanganana.

32 Ankehitriny. Fa rehefa maty isika ankehitriny—rehefa maty isika ankehitriny, dia mandeha mivantana ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha isika ao amin'ny vatandanitra iray. Raha hihaona amin-dRahalahy Neville aho any ambony any, raha maty izahay roa ankehitriny, afaka adiny iray manomboka izao dia hihaona aminy aho; hilaza aho hoe, "Miarahaba, Rahalahy Neville," miresaka aminy. Tsy afaka handray ny tànany aho; ao amin'ny vatandanitra iray izy. Afaka hiresaka aminy aho; hitovy tahaka azy eo mihitsy izy. Hitovy tahaka ahy aho. Saingy afaka mifampiresaka izahay, fa tsy afaka mifampikasika, satria izahay tsy manana ny iray amin'ireo taovam-panamboloana dimy an'ny mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre. Hitanareo? Saingy ho tsy mety maty izahay, ary afaka hifankahita. Hiaina ao amin'ireo faritra voatahy eo akaikin'ny alitaran'Andriamanitra izahay. Tsy fantatrareo ve fa i Jaona dia nahita an'ireo fanahy teo ambanin'ny alitara niantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo, mandra-pahoviana" mba hiverina eto an-tany hotafiana?

33 Avy eo, rehefa Jesosy, izay ao anatintsika ankehitriny amin'ny endriky ny Fanahy Masina, rehefa ny Vatan-danitrany, ny Fanahy Masina, no miverina miaraka amin'ny vatana nomemboninahitra, dia homem-boninahitra miaraka Aminy isika ary hitovy Aminy. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Amin'izay fotoana izay dia handray ny tànany aho ka hanao hoe, "Ity ilay izy, Rahalahy Neville." Amin'izay fotoana izay dia hihinana izahay.

34 Jereo. niteny tamin'ireo Mpianany Jesosy, nandray ny Fandraisany, hoy Izy hoe, "Tsy hihinana ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-Pihinako sy hisotroako azy indray miaraka aminareo ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko."

Marina ve izany? Hitanareo? Izay ilay izy. Noho izany, isika . . . Rehefa maty ny maty . . . Olona nohamarinina, mijoro ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, dia mandeha ao amin'Ny Fanatrehany amin'ny maha-olombelona tsy mety maty ary miaina ao amin'ireo faritry ny fiadanana voatahy mandra-pahatongan'ny andro izay . . . iverenany indray.

35 Ankehitriny, nisy fotoana izay tsy nandehanan'ny olona tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra rehefa maty izy ireo, ireo nohamarinina. Tao amin'ny Testamenta Taloha izany. Nandeha nankao amin'ny toerana iray antsoina hoe Paradisa izy ireo, ary niandry tao Paradisa ny fanahin'ny marina. Fa ny Paradisa dia toerana iray izay nihazonan'Andriamanitra an'ireo fanahy tahaka ny tanin'ny nofy iray, mandra-pandatsaka ny Ràn'i Jesosy Kristy; fa ny ràn'ombilahy sy osy dia tsy nanaisotra ny fahotana, nanarona ny fahotana fotsiny izany. Fa ny Ràn'i Jesosy no manaisotra ny fahotana.

36 Mahamarika ianareo fa ny Azy . . . rehefa maty Izy teo Kalvary . . . Ary tamin'ny Fiverenany, dia Navoakany avy tao am-pasana ireo olo-masina maty ireo izay maty teo ambanin'ny fanaovam-panavotan'ny ràn'ombilahy, sy osy, ary ombivavy. Ary niditra tao an-tanàna izy ireo (oh!) ka niseho tamin'ny maro. Sary iray tsara tarehy toy ny ahoana! Oh, raha afaka handoko an'izany vetivety fotsiny isika. Jereo Jesosy rehefa maty Izy.

37 Eto, araka ny efa nolazaiko mazàna, mino aho, tato amin'ny fiangonana eto, misy la—laharana iray eto toy ny, ato no miaina ireo olona mety maty. Ary ny tsirairay dia ao anatin'ity fivangongoana lehibe an'ny hafaliana ity, ny fahamaizinana sy aizina. Mipetraka ato ny mety maty. Ankehitriny, na izy voataona avy amin'*ity* làlana ity, na avy amin'*itsy* làlana itsy. Tsy afaka ny ho olona ara-panahy ianareo eto, mpanota na olo-masina, raha tsy misy fitaomana avy any ambanin'ny tany na avy any ambonin'ny tany. Raha voataona avy eto ianareo, dia avy any ambony. Miandry eto ambony eto ny vatan-danitrareo. Fa raha ratsy fanahy ianareo, sy mpihatsaravelatsihy, ary tsy miraika, dia eto ambany eto ny vatan-danitrareo, tsy mampaninona na impiry no iheveranareo fa any ambony any izany; satria ny voa izay entinareo eo anatrehan'ny olona no manaporofo hoe avy aiza ianareo. Noho izany dia eto ianareo arak'izay maha-izy anareo any an-kafa any ho any. Ny fiainanareo izay iainanareo eto dia mampitaratra fotsiny hoe inona ny lovanareo rehefa miala eto ianareo. Azonareo ve?

38 Isika izao ankehitriny izao (oh, rehefa mieritreritra an'izany aho) isika izao ankehitriny izao dia omem-boninahitra ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, mpino nateraka indray. "Fa raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry any amin'ny Voninahitra," tsy any an-kafa any ho any, eo mihitsy efa miandry antsika ankehitriny. Ary ireto vatan'ny tany ireto dia misento mba

hotafiana amin'izany tsi-fahafatesana izany. Marina ve izany? Ny aretina, sy ny faharariana, sy ny fanaintainana, sy ny fahadisoam-panantenana, ary ny aretim-po, ary . . . Oh! Ho faly aho rehefa hikatona ny tranon'ny pesta tranainy, ary ianareo? Eny, tompoko! Afaka mody any an-Trano isika. Marina izany.

39 Izao fotsiny, isika dia, misento mba hotafiana, misento ny Fanahy. Oh, rehefa mijery isika ka mahita an'ireo fanaintainana rehetra manodidina, ireo fivangongoana rehetra, maimbo, sy ny fahotana, sy ny fiainana mety maty, sy ny famitahana, ary ny zavatra rehetra, dia mieritreritra aho hoe, "Oh, Andriamanitra, mandra-pahoviana no hisian'izany?"

40 Indray andro any aho dia hitory ny toriteniko farany, hametraka ny Baiboly tahaka an'izao, ary hody any an-Trano. Oh, ho fotoana iray toy ny inona izany. Ary rehefa mifarana eto ity tabernakelin'ny tany ity, tsy hisy iray segondra dia ho ao anatin'io anankiray any io aho; toy izany koa ianareo. Oh, oadray! Tsy mahagaga raha hoy izy ireo hoe:

> Halatsako ity akanjon'ny nofo ity, ka hitsangana,
> Ka handramby an'ilay loka mandrakizay,
> Ary hihiakiaka rehefa mandalo eny amin'ny habakabaka.

Azo antoka, manohy miakatra.

41 Ankehitriny, aiza izany? Oviana isika no manana an'izany? Ankehitriny! "Ireo izay Nohamarininy, no Nomeny voninahitra koa." Ary fantatrareo ve fa ny vatantsika nomem-boninahitra, tsy mety maty dia miandry ao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy izao ankehitriny izao, miandry antsika ho tonga?

42 Fantatrareo ve fa rehefa teraka eto amin'ity tany ity ny zazakely iray, alohan'ny ahaterahany dia manana aina izy. Saingy tsy mbola nateraka izy. Ary io zazakely io vantany vao tonga amin'ny . . . manomboka izy mba . . . teraka . . . Mihidy avokoa ny havokavony, ary maty izy. Ny hozany dia mangovitra sy mihetsiketsika. Fa ny zavatra voalohany, kapoka kely iray na roa fotsiny [Mitehaka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] tahaka an'*izao*, ary izy dia "*gasp!*" mandray ny fofon'ainy. Inona no olana? Vantany vao miforona ao anatin'ilay reniny io vatana ara-boajanahary io, dia misy vatana ara-panahy miandry handray azy vantany vao teraka mihitsy io zazakely io.

43 Ary azo antoka mihitsy tahaka ny iforonan'io vatana ara-panahy io, no isian'ny vatana iray ara-boajanahary miandry handray azy vantany vao mivoaka avy amin'ity izao tontolo izao ity izy. Hitanareo? Ny mifamadika amin'izany, miverina mankany Edena indray (hitanareo?), avy hatrany mihitsy.

44 Ankehitriny ao, Andriamanitra . . . Nahoana ny fahafatesana, izany fotsiny—manaisotra fotsiny ny fanindronana rehetra izay misy hiala amin'ny fahafatesana izany. Ary tsy mahagaga raha afaka nitsangana i Paoly ka niteny hoe, "Ry

fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao?" Hoy izy hoe, "Isaorana anie Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika." Eny, tompoko. Raha ho ravàna ity tabernakelin'ny tany ity dia efa manana anankiray miandry isika, noho izany dia adinoy fotsiny ny mikasika an'izany.

45 Ankehitriny ho anao, ry sakaiza, raha mpanota iray ianao izay nanontany an'ity, dia hamindra fo aminao anie Andriamanitra. Eny, tompoko! Tsy eo ambany fanamelohana fotsiny ianao ankehitriny, tsy eto, tsia! Hambinina ianao ary handroso. Ary izany rehetra izany dia amin'ny alàlan'ny famindrampon'Andriamanitra. Izany rehetra izany dia amin'ny alàlan'ny famindrampon'Andriamanitra no anambinana anao sy hanaovanao an'izay ataonao. Marina izany. Fa indray andro any, raha mpanota iray ianao ka lasa ny fanahinao, dia handeha ao amin'ny fitsarana izany ka hohelohina. Ary amin'izay fotoana izay, dia ho voaroaka ianao, ary ho ao anatin'ny fampijaliana mandra-pihavin'ny andro hamerenana anao indray amin'ity tany ity. Ary ianao dia handray vatana iray tsy mety maty, vatana iray tsy mety maty izay tsy afaka ho faty, ary hatsipy any amin'ny maizina any ivelany izay hisy ny fitomaniana, fidradradradrana, ary ny fikitroha-nify. Hatsipy any amin'ny helo ianao, izay misy kankana tsy maty mihitsy ary afo tsy maty mihitsy, ary hampijalina ianao mandritr'ireo taona rehetra izay ho avy. Jesosy no nilaza an'izany. Sary mainty iray izany, fa izany no nolazain'ny Baiboly.

46 Raha tena nanameloka ny fahotana Andriamanitra ka izany vidiny izany no teti-bidiny, dia inona no hisy raha afaka hany havotsotra indray ireo fanahy tsy marina ireo? Ho nanana zavatra hafa tahaka ny nananantsika tao anatin'ny enina arivo taona farany isika. Marina ve izany? Tsy hisy fanararaotra intsony indray.

47 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Eny, mino aho fa rehefa mandeha any am-pasana ianareo—dia mankany amin'ny helo ianareo." Mandeha any amin'ny helo ny vatanareo, marina izany. Ny *helo* dia midika hoe "fisarahana." Ny *fahafatesana* dia midika hoe "fisarahana." Maty ny vatanareo, misaraka. Miala amin'ireo malalanareo eto ianareo, fa tsy izany no resahantsika. "Notendrena ho faty indray mandeha ny olona, avy eo aorian'izany, ny fitsarana." Hitanareo?

48 Ankehitriny, rehefa ianareo . . . raha tsy maintsy hiaritra ny fitsaran'Andriamanitra ianareo, dia hotsarain'ny Andriamanitra tezitra iray. Ary Andriamanitra dia . . . efa nanambara an'izay Hataony. Noho izany dia fantatrareo hoe ho inona ny fitsaranareo alohan'ny hahatongavanareo eo mihitsy aza. Noho izany ny zavatra hatao dia ny ho voavonjy sy hanana an'io vatana nomem- boninahitra io . . .

49 Jereo. Raha izaho no tsy maintsy. . .raha ny fanahiko. . . Jereo, tsy zavatra maty isika; velona isika. Raha—raha ny . . . raha ity birao eto ity. . .raha manana an'ilay aina izay ao anatin'ny rantsan-tànako ity hazo fisaka ity ao anatiny, ity birao ity, ary nanana fahaizana hanetsika azy izy, dia afaka mihetsika tahaka ny ihetsehan'ny rantsan-tànako izy. Tsy vita avy tamin'ity karazana fitaovana ity isika. Isika dia vita tamin'ny—ny—ny—ny sela, sy aina, ary ny hozatra; ary misy fanahy eto izay mifehy an'izany rehetra izany. Ary jereo fotsiny hoe haingana toy ny ahoana no tsy maintsy andehanany. Jereo eto; ny tànako mikasika an'ity. Ankehitriny, tsy ho ela. . .Tsy maintsy misy fihetsika negatifa iray sy pozitifa iray. Vantany vao mikasika an'ity ny rantsan-tànako, dia tsapany izany. Mandeha haingana mankao an-tsaiko izany, ary hoy ny saiko hoe, "Mangatsiaka izany," ary miverena. Jereo hoe haingana toy ny ahoana izany? Haingana kokoa noho ny eritreritra, haingana kokoa noho ny zavatra rehetra, ilay hetsika eo. Inona izany? Misy zavatra velona ao anatiny ao, ary io hozatra io dia miasa eo amin'ny saina. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ny hozatra no mikasika azy, mahatsapa azy, ary milaza amin'ny saina hoe, "Mangatsiaka ilay izy." Ny saina dia milaza hoe mangatsiaka ilay izy, satria tsapan'ilay hozatra izany. Oh, oadray! Miresaka momba ny fanamboarana ianareo.

50 Ary noho izany, izany rehetra izany. . .Haingana toy ny inona no ahafantaran'Andriamanitra ny eritreritra rehetra izay eritreretintsika. Ny zavatra rehetra izay ataontsika, dia Fantany izany.

Noho izany rehefa maty ilay mpino, dia mandeha mankao amin'ny Fanatrehan'ny Mpanao azy izy, ny Andriamaniny. Ary ilay mpanota, rehefa maty izy, dia mandeha mankany amin'ny fitodiany. Avy eo amin'ny fiverenana. . .Ankehitriny, miresaka ny amin'ilay Voafidy aho ankehitriny.

51 Fa misy ny sasany izay hitsangana amin'ny fitsanganana faharoa, izay tsy maintsy hijoro ao amin'ny Fitsarana miaraka amin'ny mpanota, mba ho tsaraina miaraka aminy. Te-hahazo antoka ny hahazo an'izany aho. Hitanareo?

52 Ankehitriny, hisy. . .Ny zavatra voalohany izay hiseho dia ny—ny fihavian'ny Ampakarina. Hisy olona eto amin'izao tontolo izao. . .izaho. . .Mety ho hafa kely ianareo amin'ity, fa henoy tsara. Satria fotsiny hoe nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy manokana ianareo, dia tsy midika izany fa handeha ao amin'ny Fampakarana ianareo. Izany dia ho an'ilay Voafidy, izany no handeha ao amin'ny Fampakarana. Hisy sisa nanamborana tavela eto an-tany izay handalo ny fanenjehana sy ny Fahoriambe lehibe. Ilay Fiangonana dia hakarina ao amin'ny Fampakarana.

53 Vehivavy firy eto no tsy mahafantatra fa rehefa handidy

singan-damba iray ianareo dia mametraka an'ireo lamba tahaka an'izao, ary mametraka ny modelinareo eo ambonin'izany tahaka an'izao, ary mandidy fotsiny an'ireo lamba arak'ilay modely ianareo. Marina ve izany? Ary ny sisa amin'ireo lamba dia ilay karazana iray ihany an'ireo lamba izay ao amin'ilay modely. Marina ve izany? Fa ity dia ilay karazana izay raisinareo. Afaka mametraka an'izany mihataka ianareo ho an'ny fampiasana any aoriana, fa ireo—ireo lamba izay nodidinareo . . .

54 Ankehitriny, iza no mametraka an'ilay modely? Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fifidianana. Amena! Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fifidianana no mametraka ny modely. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, efa nifidy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Aho . . . Apetrako ireto . . . " Nahoana, niteny tamin'ireo mpianatra Jesosy fa nomba azy ireo Izy, ary Izy no nifidy azy ireo, sy nahafantatra azy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Marina ve izany? Noho izany dia Andriamanitra no mametraka an'ilay modely. Ankehitriny, hisy Voafidy iray izay handeha ao amin'ny Fampakarana. Ary hisy vondron'olona iray izay tsara, mahitsy, niaina masina, olona voavonjin'Andriamanitra, izay tsy ho ao amin'ny Fampakarana; ary hitsangana izy ireo amin'ny fitsanganana faharoa, satria . . .

55 Oh, izaho—manantena aho fa tsy ho tezitra amiko ianareo raha manao zavatra tena mazava aminareo fotsiny aho eto. Hitanareo? Aza manao an'izany. Izaho—tsy maintsy lazaiko izany, satria izaho . . . manohy manakenda ahy fotsiny (hitanareo?) ny milaza an'izany. Jereo. Jereo ankehitriny. Noho izany, dia hilaza an'ity aho: Misy olona izay mino ny fanamarinana amin'ny finoana (hitanareo?), ary miaina fiainana tsara, madio, masina izy ireo; mino ny fanamasinana koa izy ireo, mandray . . .

56 Jereo Jodasy Iskariota. Nohamarinina i Jodasy Iskariota rehefa nino an'i Jesosy Kristy Tompo izy ary nanaiky Azy ho Mpamonjiny manokana, Jodasy Iskariota. Nohamasinina i Jodasy Iskariota ao amin'ny Jaona 17:17 ary nomena fahefana ao amin'ny Matio 10 mba handeha sy handroaka devoly. Ary niverina i Jodasy Iskariota, rehefa nanasitrana ny marary sy nandroaka devoly izy, ary niverina izy nifaly sy nihiakiaka betsaka tahaka ny holy-roller tsara rehetra hany hitanareo. Marina ve izany? Ny Baiboly no miteny an'izany. Fa rehefa tonga teo amin'ny Pentekosta izy, dia nasehony ny lokony. Ankehitriny dia diniho io—io fanahy io.

57 Misy olona eto amin'izao tontolo izao androany, olona Kristiana tsara izay hino ny fanamarinana, maro amin'izy ireo, an'arivony, an-tapitrisany izay mino ny fanamarinana. Saingy tsy manana na inona na inona hatao amin'ny fanamasinana izy ireo. Hilaza isika fa Presbyterana izany, Episkopalianina, sy ny

sisa. Mino ny fanamarinana izy ireo; mitory an'izany. Ary tsara izany; marina ny azy ireo.

58 Fa ankehitriny, ireo—ireo Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, ny hetsika Metodista Afaka dia mandroso hatreo amin'ny fanamasinana. Mino ny fanamasinana izy ireo. Marina tokoa! Marina ny azy ireo. Ary mahazo fandresena izy ireo, ary mihiakiaka, sy midera ny Tompo. Marina izy ireo; marina ny azy ireo. Fa miresaha amin'ny anankiray amin'izy ireo mikasika ny batisan'ny Fanahy Masina, sy ny hery, sy famantarana, ary fahagagana, haneho ny lokony eo no ho eo izy ireo. Hanao hoe, "Tsy mila ny anankiray amin'izany aho. Tsy mino aho . . . " Eny, na dia amin'ny vahoaka Nazareana malalako aza, dia mino fa ny olona iray miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia avy amin'ny devoly. Ary, rahalahy, manao an'izany ianareo, ianareo . . .

59 Nahoana, nandroaka an'i Dr. Reidhead avy tao amin'ny Sudan Missions izy ireo, ilay filohan'izany, satria niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy. Hoy izy ireo, "Tsy afaka mandray an'izany izahay."

60 Hoy aho hoe, "Tsy afaka mitory tahaka an'i Paoly ianareo arak'izany. Tsy afaka manaiky ny Filazantsaran'i Paoly ianareo, satria hoy i Paoly hoe, 'Aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra.'" Marina izany. Fa izy ireo—izy ireo dia milaza fa avy amin'ny devoly izany. Nahita sandoka betsaka izy ireo, ary mitondra an'izany rehetra izany eo. Hitanareo? Fa misy fiangonana iray nohamarinina sy nohamasinina; nefa mandà fa ny batisan'ny Fanahy Masina dia asa iray hafa nohon'ny fanamasinana. Fa izany dia—asa iray hafa izany. Azo antoka fa izany ilay izy.

61 Nisy singa telo avy tamin'ny vatan'i Kristy. Ary ireo singa iray ihany izay avy amin'ny Vatany no ampiasaintsika hidirana ao amin'Ny Vatany. Nisy rano (marina ve izany?), Rà (marina ve izany?), ary Fanahy. Ary Jesosy, hoy ny Soratra hoe, "Misy telo izay manambara any An-danitra, dia ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Ireo telo ireo dia Iray; Iray izy ireo. Fa misy telo izay manambara eto an-tany; tsy iray izy ireo," hoy izy, "fa mifanaraka tahaka ny iray izy ireo: Rano, Rà, ary Fanahy." Marina ve izany?

62 Ankehitriny, tsy afaka manana ny Ray ianareo raha tsy manana ny Zanaka. Tsy afaka manana ny Zanaka ianareo raha tsy manana ny Fanahy Masina, satr- . . . fa afaka ho hamarinina ianareo nefa tsy nohamasinina. Ary afaka sady ho hamarinina ianareo no ho hamasinina nefa mbola tsy manana ny batisan'ny Fanahy Masina foana. Hitanareo? Marina izany. Soratra izany. "Ireo telo ireo," hoy izy, "izay manambara eto an-tany, rano, Rà, ary Fanahy; ary mifanaraka ao amin'ny iray izy ireo." Hitanareo? Tsy iray izy ireo, fa mifanaraka ao amin'ny iray, satria Fanahy

iray ihany miaraka amin'ny fatra iray izany. Andriamanitra dia manome antsika ny Fanahy amin'ny fatra.

63 Ankehitriny, Luther, teo ambanin'ny fanamarinana, izany no notoriany. Marina ve izany? Luther dia nitory hoe, "Ny marina dia ho velon'ny finoana." Ary nanana hafatra lehibe izy. Ary izany dia ampahany iray an'ny Fanahy Masina. Avy eo i Luther, rehefa nivoaka ny hafatra, dia hanangana Ny Fiangonany Andriamanitra ka handefa Azy ho lehibe kokoa (oh, oadray!), hoy i Luther hoe, "Oh, mino izahay fa manana Azy eto."

64 Fa hoy i John Wesley hoe, "Oh, tsia!" Izy sy George Whitefield ary izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Mino ny fanamasinana izahay, izay, ho toy ny asan'ny fahasoavana voafaritra faharoa." Marina ve izany? Ary nitory ny Rà izy ireo. Eny, raha tsy tehihetsika i Luther, dia nomen'Andriamanitra an'ireo Metodista Wesleyana fotsiny izany. Hitanareo? Ary nanana an'izany izy ireo. Ary nanana fifohazana iray izay nanenika an'izao tontolo izao izy ireo, ary ny tena Fiangonana.

65 Eny, ankehitriny, rehefa tonga io fotoana io . . . Ankehitriny, tonga ny porofon'ny Fanahy Masina an'ny famantarana, fahagagana, ary zava-mahagaga. Ankehitriny, tsy te-hifanaraka amin'izany i Wesley. Ankehitriny, raha teto an-tany i Wesley ary teto an-tany i Martin Luther amin'ireto fotoana ireto, dia ho nifanaraka tamin'izany izy ireo, nefa vao teo amin'ny fihodinana faharoa fotsiny izy ireo tamin'ireo fihodinana efatra na dimy izay nandalovan'ireo apostoly an'izany, ary ambaran'izy ireo fotsiny izany rehetra izany.

66 Ankehitriny, ny Pentekotista dia nandray sy nino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Avy eo dia navadik'izy ireo izany ho "porofo voalohany," hoe tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona rehetra. Fahadisoana izany. Fa ankehitriny—ankehitriny dia miverina izy ireo . . . Endrika nomen'Andriamanitra ireo. Mitovy fotsiny amin'ny hoe tsy misy azoko atao, satria manana maso manga aho, na . . . Andriamanitra fotsiny no manome an'izany. Fanomezampahasoavana ao amin'ilay Fiangonana fotsiny izany. Andriamanitra no nametraka azy ireo tao. "Andriamanitra dia nametraka tao amin'ilay Fiangonana . . . " Hitanareo?

67 Ankehitriny. Fa rehefa tonga niaraka tamin'izany izy ireo . . . Ankehitriny, nanana fitahiana lehibe izy ireo, nihoatra lavitra noho ny Loterana na ny—ny Metodista, na ny anankiray. Ary ankehitriny, nanao rafi-pandaminana tamin'izany fanao izany izy ireo hany ka ratsy noho ny Metodista na ireo hafa izy ireo, ireo Pentekotista. Ary noho izany, dia tonga eo amin'ny toerana iray izay misy ny fihodinana faharoa sy fahatelo izy ireo . . . Efa teo amin'ny efapolo taona teo izany hatramin'ny nanombohan'izy ireo nandray ny fitenenana tamin'ny fiteny tsy fantatra. Fa io hazon'Andriamanitra io dia misy voankazo sivy samihafa eo

aminy. Ankehitriny, afaka manana ny iray amin'ireo voankazo ireo ianareo. Hitanareo? Andriamanitra no nandefa azy ireo, saingy ny rehetra dia avy tamin'ilay hazo.

Ankehitriny, fanamarinana, jereo izany.

68 Jereo ny lesona aninkeo maraina. Rehefa napetraka ny Fitsarana, dia nosokafana ireo boky. . . Ankehitriny, Jesosy dia tonga niaraka tamin'ny olo-masina alinalina, ary avy eo dia napetraka ny Fitsarana. Indro izy rehetra dia manodidina ny Seza fiandrianana Fotsy an'ny Fitsarana (araka ny nianarantsika ny Soratra tamin'izany), ary nosokafana ireo boky; ary nisy Boky iray hafa nosokafana dia ny Bokin'ny Fiainana. Ary ireo tao amin'ny Fampakarana no nitsara azy ireo. Marina ve izany? Ireo izay nandeha nody any an-trano ka nandray ny vatany nomem-boninahitra, ary niaina nandritry ny Arivo taona, no eto tao amin'ny Seza fiandrianana Fotsy an'ny Fitsarana, nitsara an'ireo. Nilaza Izy fa hanasaraka ny ondry amin'ny osy Izy.

Ankehitriny, hoy ianareo eto hoe, "Nahoana, jereo ankehitriny." Hoy ianareo hoe, "Io miakatra io ve. . . Aiza izany, Rahalahy Branham?" Ao amin'ny Seza fiandrianana Fotsy an'ny Fitsarana.

69 "Ahoana ny amin'ny Fampakarana?" Eny, amin'ny fotoan'ny Fampakarana. . . Nampianatra an'izany tahaka ny fanoharana iray Jesosy. Ary nampianatra an'izany tamin'ny fomba maro samihafa Izy. Ity misy fomba iray. Nilaza Izy fa nisy virijiny folo nivoaka hitsena ny Tompo. Ary noho izany-. . . Izy rehetra ireo dia virijiny, saingy ny sasany nanana Solika tao anatin'ny fanilony ary ny sasany namela an'ilay Solika ho lany. Marina ve izany? Ary rehefa ny Ampakarina. . . Ankehitriny, inona ny Solika? Ny *Solika* dia ny Fanahy Masina; ny Baiboly no niteny an'izany. Jereo ankehitriny. Virijiny izy ireo. Ankehitriny, inona no dikan'ny hoe *virijiny*? "Masina, madio, nosarahina, nohamasinina." Marina ve izany?

70 Raha nanana vera kely iray aho teto dia ho nasehoko anareo izay. . . Eto, ohatra tahaka an'ity tavoahangy eto ity, raha foana izy, ary nalaiko izy, ary naloto arak'izay mety nahaizy azy fotsiny izy. . . Te-hampiasa azy aho. Eny ankehitriny, ny zavatra voalohany tiako hatao dia ny Fanamarinana. Nalaiko izy satria te-hampiasa azy aho. Maloto izy; hitako tao amin'ny—tao amin'ny tranon-kisoa izy, na taiza na taiza nisy azy. Ankehitriny, raha karazan'olona tsara aho, eny, dia tsy tehametraka zavatra madio ao anatiny ao izay tsy maintsy hampiasaiko aho. Izaho—tsy maintsy amboariko tsara aloha io zavatra io. Ankehitriny, ny zavatra tsara indrindra hatao dia ny mikosoka azy, manadio azy, ary manamasina azy. Marina ve izany? Ankehitriny, inona no dikan'ny teny hoe *manamasina*? "Nodiovina ary napetraka mitokana ho an'ny asa." Nodiovina

ny fanaky ny tempoly fahiny ary napetraka nitokana ho an'ny asa.

71 Ankehitriny, izany ilay Fiangonana: Andriamanitra no naka azy ireo nandritry ny taona Loterana, fanamarinana; taonan'i Wesley, Nohamasininy izy ireo; ary amin'ity taona ity dia mameno azy ireo Izy. Hitanareo? Mametraka an'ilay Fiainana ao anatin'izy ireo Izy. Ary rehefa izany, Ny Fiainany amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina . . . Ny Fanahy Masina no naka azy ireo; ny Fanahy Masina no nanamasina azy ireo; ny Fanahy Masina no nameno azy ireo. Hitanareo? Ilay Fiangonana iray ihany daholo izany.

Fa jereo ankehitriny. Ankehitriny amin'izao andro izao . . .

72 Ankehitriny, heveriko fa i Luther, Wesley, ary izy rehetra ireo, maro amin'izy ireo no handeha ao amin'ny Fampakarana. Nanana an'ilay ampahan'ny Fanahy izay nitoriana taminy izy ireo; nino an'izany izy ireo.

73 Ankehitriny, ao amin'ny Fampakarana . . . Misy olona androany izay niditra tao amin'ireo anaram-piangonana ireo izay tsy nandroso. Izany dia ny . . . Anaram-piangonana iray ihany no misy, ny Fiangonan'Andriamanitra izany; ary mandroso fotsiny Izany na izany aza. Fa ireo rafi-pandaminana ireo no nanimba an'ireo zavatra ireo tahaka an'izany. Ary olona maro amin'izao andro izao no hijery ny batisan'ny Fanahy Masina ary hilaza fa fahadalana izany. Kanefa efa nohamarinina izy ireo; kanefa efa nohamasinina izy ireo. Fa hoy izy ireo hoe, "Oh, fahadalana izany, io karazan-javatra io."

74 Fantatro fa ny devoly no nametraka an'ireo karazana kalokalom-borona rehetra. Eo amin'izay ahitanareo an'ireo paoma tsara, no misy ny kalokalom-borona manodidina. Marina izany. Mandehana avy hatrany fotsiny ao ambadik'ilay zavatra, mandehana mihinana an'ireo paoma. Hitanareo?

75 Ankehitriny, ity . . . Avy eo dia nofenoin'Andriamanitra ny Fanahy Masina . . . Avy eo dia nametraka Ny Fiangonany Izy mba hanome voninahitra an'Izany. Amin'ny Fihaviana faharoa, indro miverina ilay Fiangonana, ny Ampakarina. Diniho ankehitriny. Jereo raha mandalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe izy ireo. Hoy Izy hoe, "Ireo virijiny ireo, izay tonga ka nanao hoe, 'Omeo amin'ny Solikareo izahay.'"

"Tonga ny Mpampakatra!" Nivoaka ny feo hoe, "Indro, tonga ny Mpampakatra. Mivoaha hitsena Azy."

Ary ireto virijiny ireto, izay virijiny, masina, nohamasinina (eritrereto izany), olona masina, nohamasinina nefa tsy nanana ny batisan'ny Fanahy Masina, hoy izy ireo hoe, "Omeo Solika izahay!"

76 Ary hoy ilay Fiangonana hoe, "Izay ampy ho an'ny tenanay fotsiny no anananay. Mandehana mivavaka arak'izany." Saingy

tara loatra ilay izy tamin'izay fotoana izay. Noho izany, niditra tao amin'ny Fampakaram-bady ny fiangonana, ary ireo hafa ireo dia natsipy tany amin'ny maizina tany ivelany (marina ve izany?), izay nisy fitomaniana sy ny fidradradradrana ary ny fikitrohanify; ary nandalo fanenjehana izy ireo, nijaly, maty.

77 Niverina tety an-tany i Jesosy. Mipetraka ny fanjakana Arivo taona, arivo taona miaraka Aminy. Tonga ny—ny marina sy ny tsy marina. Ary nitsara ny olona rehetra Izy ireo. Ary ny osy teo amin'ny ilany iray ary ny ondry teo amin'ny ilany iray hafa. Ary avy eo dia tonga Andriamanitra ka nampakatra an'ilay Fiangonana avy tamin'ny tavan'ny tany ho an'ny fivorian-toby, izay iarahantsika rehetra miangona amin'ireo malalantsika. Hitanareo? Izany ilay fahasamihafana.

78 Ankehitriny, ireto olona eto ireto. . .Rehefa maty tokoa isika, raha ao amin'i Kristy Jesosy isika, dia hiaraka amin'io Vatana lehibe any io, Kristy Jesosy. Raha mpanota isika, dia hiaraka amin'io vatana lehibe an'ny tsi-mpino io; ary Andriamanitra dia nilaza fa ny anjarantsika dia miaraka amin'ireo mpihatsaravelatsihy, sy ny sisa, ao amin'ny helo. Amena! Mety tsy mazava marina tokoa.

Saingy, ndao jerentsika raha afaka mahita isika. . .Naoty iray kely fotsiny eto.

**16. Azavao azafady ny Eksodosy faha-24. . .ny toko faha-4 ary ny andininy faha-24. Inona no dikan'io Soratra io—hoe nikasa ny hamono an'i Mosesy na ny zanany Andriamanitra? Ary nahoana?**

79 Fantatsika hoe aiza no misy an'izany, Eksodosy 4:24. Fanontaniana iray tsara izany. Ankehitriny, eto isika dia hamaky azy eto vetivety fotsiny. Eksodosy 4 sy 24:

> *Ary izao no niseho teny an-dàlana teo amin'ny tranom-bahiny, dia nitsena azy ny* TOMPO*, ka nitady hamono azy.*

Firy no mahatsiaro an'ilay tantara? Ankehitriny, Andriamanitra dia nanome an'i Abrahama, ireo taranaka talohan'i Mosesy, ny famantaran'ny famoràna. Ary izany no fanekena izay nataon'Andriamanitra, hoe tsy maintsy foraina ny Jiosy tsirairay. Marina ve izany? Ny lehilahy tsirairay dia tokony. . .Famantarana iray izany.

80 Ary voafora ve isika androany? Amin'ny Fanahy Masina, fa tsy amin'ny nofo.

81 Ankehitriny. Ankehitriny, Andriamanitra dia nanome an'ity didy ity hoe, "Ary tsy maintsy hoforana ny lahy tsirairay." Ary Andriamanitra, rehefa niantso an'i Mosesy Izy handeha any ary hanafaka ny zanak'Isiraely, Mosesy dia tsy mbola nanatanteraka teo amin'ny zananilahy, an'ilay tena famantaran'ny fanafahana mihitsy. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

82 Izany dia hitovy amiko hanao hoe, "Ianareo fiangonana rehetra ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo—tongava ianareo ary atao batisa amin'ny rano eto, ary ataonay ho mpikamban'ny fiangonana ianareo. Handeha any amin'ny Voninahitra isika rehetra." Nahoana, rahalahy, tsy Soratra izany. Raha tsy ateraka indray ianareo, voaforan'ny Fanahy Masina . . . Tsy maintsy ianareo. Tsy ahoako na tsara toy ny ahoana ianareo, fiangonana inona no ikambananareo, tsara toy ny ahoana ireo raiamandreninareo, raha tsy nateraky ny Fanahy Masina indray ianareo amin'ny maha-isam-batan'olona iray, dia tsy handeha ao amin'ny Fampakarana mihitsy ianareo. Hitanareo? Tsy afaka handeha ianareo. Izany no tena famantaran'ny fanafahana, ny famoràna; ary ny famoràna dia amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Ankehitriny Andriamanitra . . .

83 Ilay—ilay mpanontany dia nanontany an'izao: "Midika—midika ve io Soratra io fa nikasa hamono an'i Mosesy na ny zanany Andriamanitra? Ary nahoana?" Nanaraka an'i Mosesy Andriamanitra. Ary i Zipora ihany no olona tokana izay namonjy azy teo. Satria naka vato maranitra iray i Zipora, ary nandeha, ka nanapaka an'ilay hoditra mihoatra an'ny zazakeliny, ary natsipiny teo anoloan'i Mosesy izany ka hoy izy hoe, "Vady avy amin'ny fandatsahan-drà ianao amiko." Marina ve izany?

84 Ary ho nanala ny ain'i Mosesy Andriamanitra, saingy Anjely iray angamba no nitsangana teo, nanao hoe, "Zipora! Alaivo haingana io!" Hitanareo?

85 Dia nandeha Zipora ka namora an'ilay zazakely. Hoy izy, "Mosesy, ianao dia tena—tena sahirana amin'ny zavatra hafa rehetra sy amin'ny dianao, ka tsy voafora ny zanakalahinao manokana."

Manontany fotsiny aho matetika raha . . . Indraindray aho dia nihaona tamin'ny olona izay nanao hoe, "Oh, voninahitra ho an'Andriamanitra. Tian'ny Tompo hanao zavatra *anankiray* aho. Tiany handeha hankany Afrika aho, hankany Inde."

86 Hoy aho hoe, "Efa nanontany an'ilay mpanao ronono ve ianao raha voavonjy izy? Efa mba nanontany an'ilay mpivarotra gazety ve ianao raha efa nateraka indray izy? Ahoana ny amin'ny mpiara-monina aminao, voavonjy ve izy ireo?" Hitanareo? Ankehitriny, izany ilay fanontaniana. Hitanareo? Raha ao amponareo izany . . .

87 Teto fotoana vitsy lasa izay dia nihaona tamiko ny vehivavy iray teto tany Florida. Ary ilay vehivavy kely, tsy manana fomba aho . . . Tsy izaho no mpitsara. Fa nisy mpitory teny kely iray teto mihitsy ary nitory teo amin'ity lampihazo ity. Ary ilay lehilahy kely tany amin'ny firenena hafa dia nanambady ary nanana vady iray, zanaka telo na efatra. Ary ity vehivavy ity dia vehivavy mpitondratena iray. Ary avy any Texas izy ireo, niaraka teto tao

anatin'ny fiara Cadillac goavana iray. Ary tonga ilay vehivavy. Ary manana zò hiakanjo amin'ny fomba rehetra izay tiany izy, tsy nanao na inona na inona ho ahy; fa amin'ny maha-vehivavy Kristiana iray dia tsy niakanjo tsara izy tahaka an'izany. Izy dia (oh, oadray!), izy dia . . . nanana lava goavana izy . . . ireo kavin-tsofina (na inona na inona iantsoanareo azy) mihantona tahaka an'izao, ary nanana tena betsaka izy an'ny—an'ny karazan-javatra teo amin'ny vavany; ary—ary—ary notapahana ireo volomasony ary nanana volomaso hafa izy, tamin'ny pensily iray, napetaka. Dia hoy izy hoe, "Ranadahy Branham," hoy izy, "miantso ahy hankany amin'ny firenena hafa iray ny Tompo."

Hoy aho hoe, "Miantso ve Izy?"

"Eny!" Ary hoy izy hoe, "Handeha any aho miaraka amin'ity lehilahy ity."

Dia hoy aho hoe, "Eny, raha ny Tompo no miantso anao, eny, mety tsara." (Fa amin'ny voany . . . Toa tsy tena tsara ho ahy . . . Hitanareo?)

Dia hoy izy hoe, "Tsy mino ve ianao fa ny Tompo . . . ?"

88 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, aza manontany ahy. Raha ny Tompo no niteny taminao, dia ataovy izay notenenin'ny Tompo hataonao. Fa ho ahy, dia tsy mihevitra tahaka an'izany aho, ho an'ny tenako. Hahitsy fo aminao mihitsy aho."

Hoy izy hoe, "Eny, nahoana ianao no mihevitra tahaka an'izany?"

Hoy aho hoe, "Ny zavatra voalohany, amin'ny maha-vehivavy manambady anao miaraka amin'io lehilahy manambady io dia tsy toa tena tsara izany, mijanona eto an-tanàna ianareo miaraka. Raha misy zavatra mitondra latsa dia izany. Hitanao?" Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, ny zavatra voalohany . . . "

89 Ankehitriny, Inona no nitranga tamin'io vehivavy io? Ilay zavatra iray ihany dia ho nanana . . . Nanohy nikorontana tsy nahazo ny Fanahy Masina izy, tahaka an'io vehivavy any io androany izay niantso ahy ary te-hanambady an'io lehilahy io, ary handao ny vadiny manokana, ka hanambady an'ilay lehilahy. Tonga teo amin'ny toerana iray tahaka an'izany izy, angamba nifandray tamin'Andriamanitra indray mandeha, saingy nitsiriritra an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Dia nanontaniako izy; hoy aho hoe, "Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Tsy mbola, fa mitady an'Izany aho."

90 Hoy aho hoe, "Raiso aloha ny Fanahy Masina, dia Izy no hiteny aminao an'izay vady hananana." Marina izany. Hitanareo?

Ianareo—ianareo manana . . . Izay ilay izy. Raha tsy manao an'izany ianareo, dia ho faty ara-panahy. Mitady betsaka

Andriamanitra izao hariva izao, ka nandondòna teo amin'ny fon'izy ireo imbetsaka Izy. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ary indray andro any dia hanidy ny varavarana Izy, ka—ka tapitra ny famindrampo. Hitanareo?

91 Azo antoka, ho nesorin'Andriamanitra ny ainy. Nilaza izy fa nitady azy Izy. Henoy hoe ahoana no vakin'ny Soratra:

> *Ary izao no niseho teny an-dàlana teo amin'ny tranom-bahiny, dia nitsena azy ny* Tompo, *ka nitady hamono azy.* (Mosesy. Ankehitriny, diniho.)
>
> *Dia naka* vato *maranitra i Zipora—vato maranitra, ka nanapaka an'ilay hoditra mihoatra an'ny zananilahy, ary nanipy an'izany teo an-tongony, ka nanao hoe, Azo antoka tokoa fa vady avy amin'ny fandatsahan-drà ianao amiko.*

92 Marina izany. Ankehitriny, tsy nitady an'ilay zanakalahy Andriamanitra. Andriamanitra . . . Tsy nahafantatra an'izay hatao io zazakely kely mahantra io; tsy manan-tsiny izy. Fa ilay zavatra, dia ny rain'ilay zazakely, izay nitondra ny zazakely nankany mba hanafaka ny zanak'Isiraely teo ambanin'ny famantaran'ny famoràna; kanefa ny zananilahy manokana aza tsy mbola voafora akory. Hitanareo? Dia notapahan'i Zipora tamin'ny vato iray izany, ilay hoditra mihoatra, ary natsipiny izany, ka hoy izy, "Vady avy amin'ny fandatsahan-drà ianao amiko."

**17. Azavao azafady ny dikan'ny Soratra, ary rahoviana no hiseho izany: Isaia 4 sy 1. Misaotra.**

Eny àry. Hamadika fotsiny isika ankehitriny ao . . . Ianareo olona izay manana ny Baibolinareo ka te-hamadika, ho jerentsika izay . . . Tsy nahazo anjara hijery an'ity aho, fa nihevitra aho fa mety hahita karazana valiny iray isika. Eto isika izao.

> *Ary amin'ny* . . . (Oh, eny!) Ary izao no hiseho . . . *Ary amin'izany andro izany dia hisy vehivavy fito hihazona lehilahy anankiray,* ka hanao hoe, *Ny mofonay manokana ihany no hohaninay, ary ny fitafianay manokana ihany* no *hotafinay: fa avelao fotsiny izahay hantsoina amin'ny anaranao, mba hanaisotra ny latsanay.*

93 Eny, rahalahy, efa saiky akaiky io ratsy io ankehitriny. Fihemorana iray toy ny inona no nitranga tamin'ny firenentsika! Mamelà ahy hilaza an'izao, ry sakaizako Kristiana malala. Mamelà ahy hilaza an'izao amin'ny fanajana masina ny olona rehetra: Raha hany nisy . . . Ary ianareo olona eto izay nianatra ny tantara, eo amin'ilay làlana iray ihany mihitsy isika izay narahan'ny firenena tsara tsirairay nandritr'ireo taona, mitotongana, niverina avy hatrany.

94 Araka ny nolazaiko aninkeo maraina. . .Miala tsiny aho mamerina an'izany. Nanatona ahy ny olona tany amin'ireo firenena hafa ka nanao hoe, "Rahalahy Branham, karazana vehivavy inona no anananareo rehetra any? Eny, ireo hira rehetra izay hirainareo, hira maloto ratsy mikasika an'ireo vehivavinareo." Izay ilay izy. Karazana rehetra. . . fivangongoana iray an'ny—an'ny—an'ny. . .

95 Eny, fantatrareo ve hoe inona izany? Raha tianareo ny hitenenako aminareo amin'ny teny vitsivitsy, dia hoteneniko aminareo marina tokoa. Izao tontolo izao dia tafiditra ao anatin'io karazana toerana io, satria Sodoma sy Gomora moderina izany. Marina tokoa! Any California dia naka gazety iray aho. Ary hadinoko hoe firy arivo isan-taona no voaisan'izy ireo, hahafantarana, ny amin'ny fitomboan'ireo mitovy fananahana mivady. Na dia ny fanirian'izy ireo ara-boajanahary aza ny amin'ny. . .eo amin'ny vady lahy sy vady vavy, sy ny sisa, dia niala tamin'ny olona. Izay nolazain'Andriamanitra fa hiseho marina tokoa. Ary ny an'izy ireo manokana. . .

96 Maka sasany ianareo. . .Jereo hoe iza no mahazo karazana laza iray. Henoy eo amin'ny radionareo, na televiziona, na inona anananareo, ary jereo. Ilay tena ratsy sy maloto indrindra no. . .Misy hira iray mikasika vehivavy iray na zavatra tahaka an'izany, izany ilay zavatra izay manana laza ratsy.

97 Ary tonga eo amin'ny toerana iray izany izay toy ny hoe isika dia tsy miraharaha an'ireo vehivavintsika, na, ireo vehivavintsika no tsy miraharaha ny tenany. Izay ilay izy. Raha nitandrina tsara ny tenany ny vehivavy iray, dia tsy maintsy ho nandeha mahitsy ilay lehilahy. Ary tsy hoe maka ny toeran'ilay lehilahy izany, saingy fantatro fa izany no fahamarinana. Eny, tompoko! Fa inona izany? Izany fotsiny dia to—toerana iray mahatsiravina, ary misy mihitsy izany. Ary araka ny Soratra izany. Nilaza ny Baiboly fa ho tahaka an'izany ilay izy. Noho izany dia ahoana no ahafahantsika hanana fifohazana iray? Ahoana no ahafahantsika hanana fifohazana iray?

98 Henoy, ry sakaiza Kristiana. Ao anatin'ny fotoana fohy tavela dia mamelà ahy hanontany zavatra iray aminareo. Manana an'i Billy Grahams isika. Manana an'i Jack Shulers isika. Manana an'ireo karazana hetsika ara-pivavahana samihafa isika manerana an'izao tontolo izao. Ary efa nandeha nandritra ny enina na fito taona farany nanerana an'i Etazonia izy ireo mafy araka izay azon'izy ireo andehanana, nefa tsy misy fifohazana. Nahoana? Mikatona ireo varavarana. Efa voajono ny trondro tsirairay, araka ny nolazaiko aninkeo maraina, avy tao amin'ilay kamory. Angamba iray na roa no miraikitra any ho any.

99 Tany amin'izay nanaovan'i Billy Graham fivoriana iray

(mino aho fa tany Boston ilay izy na tany ho any), ary nilaza izy ireo fa nanana fiovam-po roa alina mahery tao anatin'ny enina herinandro. Niverina izy ireo ny herinandro vitsivitsy taty aoriana nefa tsy afaka nahita roapolo. Eritrereto izany! Rahalahy, efa saiky tapitra izany. Afaka milaza zavatra aho eto. Hitanareo?

100 Miaina ao amin'ny andro izay nolazain'Andriamanitra fa ho avy isika. Ary miaina ao amin'ny andro farany isika. Ary miaina amin'ny fotoana iray isika izay ireo lehilahy. . . Tsy mampaninona izay ezahantsika eritreretina mikasika an'izany, ny Tenin'Andriamanitra no milaza fa voafidy mialoha isika. Marina izany. Ary izay nantsoin'Andriamanitra no hanatona an'Andriamanitra; ary izay tsy antsoin'Andriamanitra dia tsy hanatona an'Andriamanitra. Miantso Andriamanitra, fa mandà izy ireo, ary miantso Izy, mandà izy ireo. Ankehitriny, tsy milaza aho hoe manameloka olona Andriamanitra. Tsy Tiany fotsiny ny rehetra ho. . . mba hisy iray ho levona, fa ho tonga amin'ny fibebahana ny rehetra. Fa mba ho Andriamanitra, Izy—dia Fantany tany amin'ny voalohany fa tsy ho avy izy ireo. Kanefa Nomeny anjara iray izy ireo, saingy tsy te-ho tonga izy ireo.

101 Ahoana. . . Raha tsy fantany izany, dia ahoana no Nahafantarany fa hanana kalesy tsy misy soavaly isika? Ahoana no Nahafantarany fa ho tonga ireto fotoana tahaka ny ananantsika ankehitriny ireto? Nahoana Izy no nilaza hoe, "Ny olona dia ho kirina, mpieboebo, tia fahafinaretana"? Nahoana ireo mpaminany rehetra no niteny mialoha fa ireo zavatra hafa rehetra ireo dia ho tonga mihitsy hatrany amin'ny voalohany? Fantatr'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Fantany izay hisy. Ary misy olona ao izay nojeren'Andriamanitra nandritra ny fotoana ka nilazany hoe, "Tsy ho avy izy ireo." Ary voahelok'io fanamelohana io fotsiny izy ireo, satria izy ireo ihany no nifidy an'izany. Amena! Eo ianareo izao.

102 Ary mino aho, ry rahalahiko, anabaviko (milaza an'izao amin'ny fanajana masina sy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra ato am-poko aho), mino aho fa rendrika i Amerika! Mitotongana izy. Lasa ambany izy ka miondrika. Mampalahelo ilay izy.

103 Eritrereto fotsiny eto, araka ny lazaiko amin'ny—amin'ny famaliana an'ity Soratra ity, vehivavy fito mihazona lehilahy anankiray. Tamin'ny Ady Lehibe Voalohany. . . ny Ady Lehibe Faharoa. . . Izaho manana si—silaka gazety iray any an-trano. Ianareo mihitsy no mamaky azy. Nanao hoe, "Inona no nitranga tamin'ny fitondran-tenan'ireo vehivavintsika Amerikana? Miaramila roa amin'ny telo izay nandeha tany ampitan-dranomasina no nisara-panambadiana tamin'ny vadiny tao anatin'ny enim-bolana voalohany." Roa amin'ny telo no nisara-panambadiana. Lasa fotsiny ireto vehivavy ireto ary niala.

Nahoana izany? Raha hahazo ianareo, ry sakaiza, dia izany ilay fanahin'ny fotoana.

104 Tsy maintsy miditra ao amin'ny fanahin'ireo andro farany isika rehefa eto ireo andro farany. Raha mandeha any amin'ny efitra fandihizana ianareo, dia tsy maintsy miditra ao amin'ny fanahin'ny dihy, raha tsy izany dia tsy handihy izy ireo. Raha mandeha any am-piangonana ianareo, dia tsy maintsy miditra ao amin'ny Fanahin'ny fanompoana alohan'ny ahafahanareo manompo. Tsy maintsy miditra ao amin'ireo fanahin'ny andro farany izao tontolo izao alohan'ny ahafahan'ireo andro farany ho tonga, ary ao amin'ny fanahin'ireo andro farany isika. Ary nampanantena Andriamanitra fa ho eto ireo zavatra ireo, ary izany no ananantsika. Ao amin'ny andro farany isika. Ary matory ireo lehilahy sy vehivavy ka tsy mahalala an'izany.

105 Ary ireo fitondran-tena . . . Nihaona tamin'ny tovolahy iray aho teto indray andro tao amin'ny . . . oh, fotoana vitsy lasa izay, tamin'ity fararano farany ity. Ary tonga tao amin'ny tanàna iray izahay. Ary niteny tamiko izy, tovolahy iray an'ny sekoly ambony izay nanambady. Hoy izy hoe, "Nanambady an'io zazavavy io aho, satria tovovavy tsara iray izy, ary tsy maintsy nanambady azy talohan'ny nahavitany ny sekoly amboniny." Hoy izy, "Tsy mbola nanana anankiray nivoaka ho virijiny isika, araka ny fantatro, tao amin'ny sekoly ambony nandritra ny taona maro teto." Hitanareo? Tena mitotongana fotsiny.

106 Ary tany California, nandeha nitety an'ireo làlambe aho tao amin'ireo toerana izay hitenenan'ny polisy anareo tsy handeha eny an-dàlambe. Misy loza kokoa ho an'ny lehilahy iray ny mandalo eo amin'ilay làlambe noho ny vehivavy iray. Làlan-kely maizina. Oh, Andriamanitra, mamindrà fo! Tsy fantatrareo ve fa ny Baiboly dia nilaza fa ho tonga ireo zavatra ireo?

107 Ary talohan'ny Nanomezany ny alok'izany tao Sodoma sy Gomora, sy nandeha tany, dia io zavatra iray ihany io no efa niseho—niseho, raha ny marina. Ary nampidina afo Andriamanitra ka nandoro an'ilay toerana. Tena andrim-pamantarana iray hanehoana fa izao tontolo izao manontolo, rehefa tonga amin'io toerana io izy, dia hahazo an'ilay [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] zavatra.

108 Eo amin'ny andro farany isika. Azo antoka. Vehivavy fito no mihazona lehilahy anankiray, manao hoe, "Ny mofonay manokana ihany no hohaninay ary ny fitafianay manokana no hotafianay, fa avelao fotsiny izahay hantsoina amin'ny anaranao mba hanaisotra ny latsanay." Rahalahy, tsy mila miala an'i Etazonia ianareo. Toerana iray ihany no hany hitako teo amin'ny fiainako izay noheveriko fa ratsy noho ireo làlambe sy ny sisa izay efa nisy ahy tato amin'ny firenentsika manokana. Ary tsy hihatsara kokoa isika. Miharatsy sy miharatsy tsy ankitsahatra hatrany foana isika. Ary tsarovy, miteny amin'ny Anaran'ny

Tompo aho. Hitohy hiharatsy isika. Fanantenana tokana ihany mihitsy no misy, ary izany dia ao amin'i Kristy Jesosy. Tsy mampaninona izay ataonareo.

109 Niantsoantso aho, nandeha nitety ny firenena teto. Ary nanangana ny maty mihitsy aza Andriamanitra. Ary nandeha nankao an-tanàna izahay; dia mitsangana ny olona izay tao anatin'ny seza misy kodiarana nandritra ny taona maro, ary nandeha nitety ny tanàna taorian'ireo kamiao, nanosika ny saretin'izy ireo sy ireo zavatra tahaka an'izany. Ary ireo vehivavy, izay nambaran'ny dokotera fa maty, nitondra an'ireo rayon-x nisy ny anaran'ilay dokotera eo amboniny, dia nitsangana tamin'ny maty. Fa nihataka ny tanàna rehetra ka nanao hoe, "Hah, fifandraisana ara-tsaina; andiana holy-rollers." Oh, tsy afaka manantena na inona na inona hafa afatsy fanamelohana ianareo! Oh! Marina izany!

110 Eto ny fitsarana, ary tsy maintsy mahazo an'izany ianareo. Rahalahy, mandosira ny fahatezerana ho avy ary mandehana mankeo amin'i Kristy Jesosy haingana arak'izay vitanareo! Mivoaha amin'ireo zavatra ireo! Eny, izany no fanahin'ireo andro farany. Maro ny zavatra azo lazaina. Handeha haingana aho.

**18. Hiteny aminay ve ianao azafady hoe ahoana no itiavan'i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjintsika hidirantsika ao an-tranon'ny Tompontsika hivavaka?**

111 Eny àry, anankiray tsara izany. Anankiray tena ilaina ho an'ny fiangonana rehetra izany. Tian'Andriamanitra ianareo ho tonga ao amin'ny trano fiangonana . . . Ankehitriny, fanontaniana iray fotsiny izany, fanontaniana iray mivantana fotsiny. Tsy ara-tSoratra izany; izany . . . kanefa izany ilay izy. Andraso, ho teneniko aminareo izay Nolazainy. Ny toerana voalohany, raha mila ny Soratra ianareo, ny olona dia tokony ho tonga ao an-tranon'Andriamanitra ho an'ny tanjona anankiray, izany dia ny hivavaka, hihira hira, ary hivavaka amin'Andriamanitra. Tahaka an'izany no tian'Andriamanitra amintsika. Tsy Tiany isika hiditra ao an-tranon'Andriamanitra hiresaka mikasika ny antsika . . . na zavatra hafa, na mifampiresaka, na miresaka mikasika an'izay tokony hataontsika mandritra ny herinandro; Tiany isika ho avy hivavaka Aminy. Trano fivavahana iray izany. "Ary ny zavatra rehetra dia tokony hatao am-pahamendrehana sy ao amin'ny lamina," hoy i Paoly ao amin'ny Baiboly. Ny zavatra rehetra dia tokony ho mahitsy. Tokony hisy hafatra.

112 Ny zavatra voalohany holazaiko, araka ny fitsipiky ny Fiangonana ao amin'ny Testamenta Taloha, na, ny Testamenta Vaovao raha ny marina, tamin'ny voalohany, hoe ny olona dia niditra tao amin'ny fiangonan'i—an'Andriamanitra tamin'ny Fanahin'ny fivavahana. Ary niditra izy ireo, nihira hira

fiderana. Ary angamba niresaka ilay mpitory teny, satria izy no mpaminanin'ny fiangonana. (Ny mpaminanin'ny Testamenta Vaovao dia mpitory teny iray; fantatsika izany: "Ny fanambaran'i Jesosy Kristy no Fanahin'ny faminaniana," hoy ny Apokalypsy.)

113 Ankehitriny, nanomboka nitory teny ilay mpitory teny. Raha mbola nitory izy, ireo fitahiana, eo amin'ny, angamba ny fiafaran'ny toriteniny mihitsy, dia nanomboka nilatsaka; nilaza ny olona hoe, "Amena," mandeha misaotra an'Andriamanitra. Avy eo vantany vao mijanona tsy nitory teny izy, dia mety hisy hafatra iray mivoaka, angamba amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra (Korintiana Voalohany 14:13, 14). Avy eo—avy eo raha tsy misy mpandika ao amin'ny fiangonana, dia tokony hihazona ny filaminany io olona io, satria miteny amin'ny fiteny tsy fantatra marina izy ireo, saingy manao an'izany eo anatrehan'Andriamanitra. Hitanareo? Fa raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo ka misy mpandika iray, dia ilay mpandika no tokony hanome ny hafatra. Tonga eo amin'izany ireo fiangonana rehetra.

114 Charles Fuller, na dia nikorontana betsaka sy nanao hadalana tamiko mikasika an'izany aza izy rehefa tany aho, dia manaiky an'izany izy ankehitriny. Ary manao an'izany izy ireo any Long Beach. Eny, tompoko! Eny amoron-dranomasina mihitsy, ao amin'ny efitrano malalaka mihitsy, mahazo an'ireo fitahian'Andriamanitra, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, fandikana ny fiteny tsy fantatra, ary mivavaka ho an'ny marary. Ary nitsangana nifanatrika tamiko izy ka nanao hoe, "Rahalahy Branham, tsy mino an'izany karazan-javatra izany aho."

Hoy aho hoe, "Eny, miankina aminao izany. Tsy ho an'ny tsimpino izany, Rahalahy Fuller, Izany dia ho an'ireo izay mino." Ary ankehitriny dia mitory an'ilay zavatra iray ihany izy. Tonga ny fotoana; misy fanehoan-kery iray.

115 Noho izany ankehitriny, raha ao amin'ny lamina ilay izy, raha eo amin'izany no tianareo ahatongavana. . .Raha mbola miteny ilay mpitory teny dia tokony hangina ny zavatra rehetra hihaino an'ilay mpitory teny. Satria misy ny Tenin'Andriamanitra mivoaka, raha mitory eo ambanin'ny hosotra izy. Avy eo, ny fanahin'ny mpaminany rehetra dia manaiky ny mpaminany. Rehefa mandeha eny amin'ny lampihazo ny pasitera iray, mamadika an'ity Baiboly ity, dia tokony hangina ny fiangonana, mihaino ny. . .ny famakiany ny Soratra, mihaino an'izay holazainy. Raha milaza zavatra izay toa tsara aminareo izy, dia afaka manao ianareo hoe, "Amena, isaorana ny Tompo!" na izay tianareo. *Amena* dia midika hoe "ho tanteraka anie izany." Nilaza ny hanaovana an'izany ny Baiboly.

116 Avy eo, rehefa tapitra ny hafatra. . .Noho izany raha

manome toerana iray ao anatiny ao ilay mpitory teny izay ifalian'ny olona rehetra, ny Fanahy eo anivon'ny olona, angamba mety mandefa hafatra iray hafa Izy. Raha mandefa hafatra iray Izy, dia ho tonga amin'ny olona iray izany, avy eo dia fandikana iray; izany dia tsy ho, famerimberenana Soratra fotsiny na manao zavatra. Tsy mampiasa famerimberenampoana Andriamanitra. Fa ho hafatra iray mivantana ho an'ny olona iray izany mba hanao zavatra *anankiray* na zavatra izay hampandroso ny Fiangonana. Avy eo rehefa mahazo an'io fampandrosoana ny Fiangonana io izy ireo, dia milaza ianareo . . .

117 Ohatra tahaka an'izao: Mitsangana eto ny olona iray ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra; ity anankiray ity mandika ka manao hoe, "HOY NY FANAHY MASINA HOE: Aoka i *Ranonasy-ranona* handeha hametra-tànana amin'ity olona eto ity, satria HOY NY FANAHY MASINA HOE, izao hariva izao no fotoana ho an'ny fahasitranan'izy ireo." Inona izany?

Avy eo dia hoy ity olona iray ihany ity hoe, "Nipetraka teo aho; nirehitra ho an'io zazakely io ny foko." Ankehitriny—ankehitriny dia mitsangana amin'ny fankatoavana ny Fanahy izy ireo, mandeha mametraka ny tànanareo eo amin'ilay zazakely, dia salama izy. Raha tsy izany ilay izy, dia misy zavatra tsy mety. Hitanareo, hitanareo? Hafatra iray mivantana izany.

118 Avy eo dia mipetraka eo ilay tsi-mpino ka manao hoe, "Andraso iray minitra. Hono ho'aho, momba an'ireo olona ireo Andriamanitra!" Hitanareo ve izay tiako lazaina?

119 Avy eo dia hilaza izy, na, "HOY NY FANAHY MASINA HOE: Aoka ny tsirairay avy izay ao amin'ny ilany atsimon'ny tanàna, manomboka amin'ny ilan'i Spring Street, hifindra ao anatin'ny roa andro manaraka, satria ho avy ny tafio-drivotra iray izay handripaka an'io ilan'ny tanàna rehetra io." Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia misy faminaniana iray ho an'ilay fiangonana manontolo.

120 Avy eo ny olona iray, fitsarana ara-panahy, dia mitsangana ka manao hoe, "Avy amin'ny Tompo ve izany?" Ny tsirairay avy. Raha misy lehilahy tsara telo mitsangana ka milaza, mpitsara ara-panahy, manao hoe, "Avy amin'ny Tompo izany," amin'izay fotoana izay dia mandray an'izany ilay fiangonana; ary ny olona rehetra ao amin'io faran'ny tanàna io dia mifindra, miala ao amin'izany mandritra io fotoana io. Amin'izay fotoana izay raha tsy miseho ilay izy dia tsaratsara kokoa aminareo ny manamarina an'io olona io. Hitanareo? Manana fanahy iray hafa ianareo eo anivonareo. Fa raha miseho ilay izy, amin'izay fotoana izay dia isaory Andriamanitra ary misaora an'Andriamanitra nohon'ny namelàna anareo ho afaka amin'ny fahatezerana ho avy. Hitanareo? Diniho ireo zavatra ireo. Izany ilay Fiangonana ao amin'ny lamina.

121 Hafatra roa na telo, fa tsy mihoatra ny telo, no hivoaka amin'ny fotoana iray tahaka an'izany. Na inona na inona mivoaka, hitanareo, dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny lamina izany. Ny voalohany. . . avy eo, fiangonana iray hafa, zavatra iray hafa ao amin'ny lamina . . .

122 Tsy fantatro. Mety ho vehivavy iray no nanontany an'ity. Izaho fotsiny. . . Misy zavatra hafa tonga ao an-tsaiko, noho izany dia mety tsara ho ahy ny milaza azy. Ny vehivavy, rehefa tonga tao am-piangonana izy ireo, dia araka ny Testamenta Vaovao, dia tsy maintsy niditra sy nipetraka nisaron-tava sy nalahelo tarehy, ary mijanona eo mandritry ny fotoana rehetra. Araka ny Soratra izany. Ankehitriny. Saingy heveriko fa vehivavy iray. . . Azo antoka. Ankehitriny, tsy manameloka anareo vehivavy aho. Hitanareo?

123 Nanatona ahy ny ramatoa tanora iray vao tsy ela. Tsy. . . Nanatrika teo Rahalahy Junior rehefa tonga ny vehivavy iray, hoe nanana olana iray izy. Nihomehy azy ireo mpiara-monina aminy, satria tsy te-hanapaka ny volony izy teto vao tsy ela akory izay. Dia nandeha izy ka nanapaka ny volony. Ary avy eo, nanankorontana azy tanteraka ny vehivavy iray teny ampitan'ny renirano, ka niteny taminy fa izy dia haka, amin'ny fomba ara-panahy, hamatotra ny tongony miaraka amin'ny tànany, na, volo ary nitondra an'ity vehivavy ity tao anatin'ny fitaintainana. Toy ny hoe nahavery ny sainy ilay vehivavy, zanaka roa. Tsy fantany izay hatao. Nipetraka tahaka an'izany fotsiny izy.

124 Namily fiara izy teo anoloan'ny trano indray andro. Nidina ny Fanahy Masina, ka niresaka taminy, ary niteny taminy fa ho salama izy, nanao hoe, "Ary HOY NY FANAHY HOE . . ." Ary izy—nijanona tahaka an'izany izy avy eo nandritra ny andro vitsivitsy, ary avy eo izy . . . Nandeha aho omaly, nandeha hijery an'ilay vehivavy niaraka tamin-dRahalahy Junior sy Rahalahy Funk. Ary tao anatin'ny antsasaky ny maily iray aho. Nitsangana izy, nibango ny volony izay navelany—navelany haniry ankehitriny, nanao hoe, "Avelao ireo mpiara-monina hihomehy sy hanao izay tian'izy ireo hatao."

125 Ary noho izany, dia tsy namela ahy nandeha tany ny Fanahy Masina. Ary niresaka taminy Izy ka niteny taminy fa teo akaikin'ilay toerana aho ary te-ho avy. Ary omaly hariva tao amin'ny fahitana iray, dia nahita an'ilay vehivavy tonga aho, ary niteny an'izay tsy nety taminy; ary sitrana tao amin'ny biraoko izy vao teo. Hitanareo? Marina ve izany, Rahalahy Junior? Marina izany. Vao teo mihitsy. Hitanareo? Tsy namela ahy nandeha tany Andriamanitra satria tsy mbola vonona ilay zavatra. Hitanareo? Nitondra ahy avy hatrany teo amin'ilay toerana Izy ary nanamarina an'izany teo mihitsy, mba hanehoana fa tsy olona iray izany, Andriamanitra Izany. Hitanareo?

Ankehitriny. Hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, tian’ny vadiko hanana volo lava aho.”

126 Hoy aho hoe, “Ilay zavatra iray ihany no tian’Andriamanitra.” Marina izany, satria ny vehivavy dia tokony hanana volo lava. Izany no fisaronan’izy ireo.

127 Fantatro fa isika ramatoa amin’izao andro izao, na ianareo ramatoa, raha ny marina, dia manao satroka. Milaza ianareo fa izany no fisaronanareo. Diso izany. Ny Baiboly dia nilaza fa ny fisaronan’ny vehivavy dia ny volony. Ary raha manapaka ny volony izy dia zavatra ratsy ho azy ny mivavaka. Marina ve izany? Soratra izany. Hitanareo? Noho izany ankehitriny, ny vehivavy dia tokony hanao volo lava, tsy mampaninona izay tianareo eritreretina mikasika an’izany; izany no HOY NY TOMPO HOE. Afaka maneho toerana iray amiko ianareo. . .

128 Hoy ianareo hoe, “Eny, lava ny voloko. Hitanao, midina hatreo amin’ny soroko izany.” Volo fohy izany. “Kristy. . . ” Hoy ianareo hoe, “Nanana volo lava Kristy.” Tsia, tsy nanana mihitsy Izy. Nanana volo lava hatreo amin’ny soroka i Kristy, izany no lazain’izy ireo. Izy ireo—sintonin’izy ireo mihodina tahaka an’izao fotsiny ilay izy ary tapahany izany, volo hatreo amin’ny soroka. Jereo ny teny Grika momba an’izany ao, dia ho hitanareo.

129 Volom-behivavy. . . Ny lehilahy iray dia tsy tokony hanana volo lava, satria an’ny vehivavy izany, lava midina tahaka an’izao. Fa Notapahany fotsiny izany teto teo amin’ny Sorony, izay nanapahan’izy ireo azy, manodidina ny Lohany, nanapaka azy fotsiny tahaka an’izany. Volo fohy izany.

130 Noho izany, ireo ramatoa miaraka amin’ny volo eo amin’ny sorony, dia mbola volo fohy foana izany. Ankehitriny, tsy milaza aho fa handefa anareo any amin’ny helo izany na hitondra anareo any An-danitra. Tsy misy na inona na inona idiran’izany amin’io. Fa ny lamin’ny Fiangonana dia ny hananan’ny vehivavy volo lava. Marina izany; marina izany. Ary ny hidirana ao ampiangonana. . . Ary—ary tsy hanana na inona na inona hatao amin’ireo raharaha, ny raharaha ara-tsosialy, na, tsy ny. . . Ny tiako lazaina dia ireo raharaham-barotra ao am-piangonana. Ary tokony hankatò izy, sy hanaja, sy ny sisa tahaka an’izany, satria izy no ilay anankiray, hoy ny Baiboly, izay nitondra ny fahalavoana voalohany. Ary marina izany; marina izany. Ankehitriny, haingana mihitsy. Manantena aho fa tsy nandratra izany.

**19.** Fanontaniana: **Nahoana no tsy maintsy tonga eo anoloako ny fahitana iray avy tamin’Andriamanitra rehefa saika handray ny Fandraisana aho tao amin’ny fiangonako? Teboka.** (Eny, anaran-dramatoa iray fotsiny ilay izy; eny, anaran-dramatoa iray ilay izy,) **Ny. . . Nahoana no tsy maintsy tonga eo anoloako ny fahitana iray avy**

**tamin'Andriamanitra rehefa saika handray ny Fandraisana aho tao amin'ny fiangonako?**

131 Eny, tsy ho fantatro, ranabavy, raha tsy hoe izao ilay izy: Raha nahita an'i Jesosy Kristy niseho tao amin'ny fahitana iray ianao tao amin'ny fiangonanao rehefa nandray ny Fandraisana, dia namela anao hahafantatra an'ity Izy: hoe nandray Azy ao amin'ny mari-pamantarana iray ianao. Ny Fandraisana dia mba hanehoana ny tenan'i Jesosy Kristy; ary nandray Azy toy ny mari-pamantarana iray ao amin'ny tenanao ianao. Noho izany dia miainà madio, ary miainà mangarangarana.

132 Henoy. Raha mandray ny Fandraisana ianareo (handre an'izany ho vakiana ianareo afaka minitra vitsy) nefa tsy mendrika ianareo, dia meloka amin'ny Rà sy ny Tenan'i Jesosy Kristy. Aoka ny olona iray izay mandray an'io fiaraha-monina io hiaina mahitsy eo anatrehan'Andriamanitra, izay mandray an'io Fandraisana io, raha ny marina, hiaina mahitsy eo anatrehan'Andriamanitra. Aza mandray an'izany amin'ny tsy fahamendrehana. Izany fotsiny dia . . .

133 Jereo. Ny Baiboly dia niteny mialoha fa amin'ny andro farany dia ho feno lò ny latabatr'Andriamanitra rehetra. Ary tsy misy olona afaka ha—hahazo. Marina ve izany? Jereo. Niditra tao amin'ny tabernakla lehibe iray aho vao tsy ela akory izay. Tsy hiantso an'ilay anarana aho; fantatrareo rehetra tsara mihitsy izany. Fantatrareo izay nananan'izy ireo ho an'ny fandraisana? Nalain'izy ireo ny mofo, mofon'aina, mofo maivana, ary nosilahany izany. Ary andiana diakona iray, izay nolazain'ilay mpitory teny fa mamolava ny fito tamin'izy ireo . . . Marina izany. Ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ilay andiany manontolo . . . Afaka mahita azy ireo ianareo rehefa nitety an'ilay tranobe izy ireo niresaka tamin'ny olona. Ary rehefa nirava ny fiangonana, tamin'ny farany, teo anelanelan'ny sekoly Alahady sy ny fiangonana, saiky ny tsirairay avy, pasitera sy ny rehetra, dia nivoaka ary nifoka sigara tany ivelany, ary niverina ka nandray ny Fandraisan'ny Tompo. Nilaza Andriamanitra fa tsy hihazona anareo ho tsy manan-tsiny noho izany Izy. "Ary maro no marary sy marofy eo anivonareo, ary maro no maty." Marina izany.

134 Hoy Izy, "Feno lò ny latabatr'Andriamanitra rehetra, ka iza no ho Azoko ampianarina foto-pampianarana." Hoy Izy hoe, "Fa tsy maintsy misy didy anampy didy, fitsipika anampy fitsipika, ary kely eto ary kely etsy. Hazòny mafy izay tsara. Fa amin'ny molotra miambakambaka sy amin'ny fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity, ary ity no fitsaharana izay Nolazaiko fa hisy eto, nefa tamin'izany rehetra izany dia nanifikifika ny lohany izy ireo ary lasa ka nanao hoe, 'Tsy hihaino an'izany izahay.'" Jereo hoe aiza no iainantsika, ry sakaiza. Oh, mamindrà fo! Mifohaza!

135 Eny, ny fahitanao, Ranabavy . . . Raha vehivavy tsara, madio, masina eo anatrehan'Andriamanitra ianao, nitsangana teo ianao ary Jesosy no namela anao hahafantatra fa Izy no nanolotra ny Fandraisana, hoe nandray Azy ianao tao ho mari-pamantarana iray; fa raha tsy izany ianao, dia fampitandremana iray izany mba hahitsianao amin'Andriamanitra alohan'ny andraisanao an'izany indray.

**20. Tiako ho fantatra hoe inona ity—ity manaraka ity: Timoty Voalohany, ny faha-2 . . . Timoty Faharoa ny toko faha-2 ary ny andininy faha-16.**

136 Vetivety fotsiny. Timoty Faharoa . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] Mivory miaraka isika. Angamba tsy hifanaraka amin'izay nolazaiko ianareo. Ento mody . . . Avy eo, hody any antrano ianareo ary hianatra betsaka tokoa, ary avy eo dia izany no hanampy anareo ho lasa ara-panahy. Eny àry, mivaky toy izao ny Timoty Faharoa 2 ary 16:

> *Fa halaviro ny fibedibedena foana: fa mbola handroso amin'ny haratsiam-panahy foana izy ireo.*

Eny. Eny àry, tianao ho fantatra hoe inona ilay "fibedibedena foana." "Foana . . . alaviro ny fibedibedena foana, fa mbola handroso izy ireo."

137 Ankehitriny, ny zavatra voalohany dia ny "fibedibedena foana, fa mbola handroso izy ireo." Ankehitriny, ny zavatra rehetra izay ratsy fotsiny . . . manohy mibedibedy fotsiny. Hoy ny Baiboly, hoy Jesosy hoe, "Aoka ny 'eny'-nareo ho 'eny' ary ny 'tsia'-nareo ho 'tsia,' fa ny zavatra rehetra izay mihoatra an'izany dia ho lasa fahotana." Tsy tokony hivazivazy akory aza ianareo sy hifampisangisangy. Hanao anareo hanome tatitra Andriamanitra nohon'ny teniteny foana tsirairay izay teneninareo. Fantatrao ve izany? Nilaza ny Baiboly fa tsy maintsy hanome tatitra ianareo nohon'ny teniteny foana tsirairay. Noho izany dia tokony ho karazan'olona inona isika? Olona izay tsotra, hentitra, tia, tsara fanahy, ary tsy andiana hadalana iray mihitsy, mandeha eny foana . . .

138 Jereo. Makà olona iray izay hanomboka androany . . . Nahamarika an'izany teo amin'ny tenako aho, ary nohon'ny natiorako manokana, Irlandais iray; manana rivotra betsaka foana aho mikasika ahy na ahoana na ahoana, misangisangy sy manao hadalana. Ary ny tsirairay—tena matetika mihitsy aza ny vadiko no manao hoe, "Ankehitriny, Bill . . . !"

Hoy aho hoe, "Marina izany, Malala." Hilaza izy, manibokibo an'ireo ankizy aho . . . Milaza aho . . . Misangisangy miaraka amin'izy ireo na zavatra, manao hoe, "Eny ankehitriny, fantatrareo, nisy lehilahy malaza telo nivoaka avy tao Kentucky."

"Iza izany?"

"Eny, Abraham Lincoln."

"Hia."

"Daniel Boone."

"Ah hah."

"Ary ny rainareo." Zavatra tahaka an'izany.

139 Ary hilaza izy hoe, "Ankehitriny, Bill, io indray ianao." Ary tsy maintsy mandeha mankao amin'ilay efitrano kely any ho any aho, ary manao hoe, "Tompo, mamelà ahy, tsy fanahy iniako ny nilaza an'izany. Manaova zavatra amiko; ataovy afaka amin'izany aho." Hitanareo?

140 Ary isan'andro aho. . .raha manao an'izany aho. . . Ankehitriny, niresaka mikasika ny teny hoe *miverin-dàlana* isika aninkeo maraina. Rehefa manao an'izany ianareo dia miverin-dàlana. Eny, tompoko! Tokony hibebaka ianareo. Marina ve izany? Ankehitriny, ny tiako lazaina tsy hoe nandeha nankany amin'izao tontolo izao ianareo ary nanao an'*ity* sy *itsy*, fa tena nanao zavatra iray ianareo. Tokony hibebaka ary ho faty isan'andro mba ho velona ao amin'i Jesosy Kristy ianareo. Noho izany isaky, isan'andro, isan'andro, tokony ho faty isan'andro ianareo mba ho velona ao amin'i Kristy Jesosy.

141 Rehefa manao zavatra aho. . .Imbetsaka aho no manao zavatra tsy mety. Hivoaka aho, ary hilaza zavatra iray na hafa ny olona iray, mety hilaza vazivazy kely mikasika an'izany aho. Milaza ny olona iray. . .Tsy anankiray ratsy; ankehitriny, tsy mino aho fa miteny vazivazy maloto ny Kristiana. Tsia, tompoko! Tsia, tompoko! Tsy mety amin'ny Kristiana akory aza izany, hoy ny Baiboly. Izao no voalaza hoe mandàva ny zava-poana tahaka an'izany, sy ireo vazivazy, sy sangisangy, ary ireo zavatra tahaka an'izany. Tsia, tsy miteny an'ireo zavatra ireo ny Kristiana; manana eritreritra madio ny Kristiana.

142 Fa raha tsy mitandrina ianareo, dia hanana lehilahy iray ianareo matetitetika. . .Hiresaka vazivazy kely iray izy androany. Ary eny, somary nihevitra izy fa nety tsara izany, ary havelany handeha fotsiny izany, ary tsy mieritreritra an'izany intsony. Ny ampitso dia hiteny vazivazy kely roa ianareo. Hitanareo? Ary ny zavatra manaraka fantatrareo, manao zavatra hafa ianareo. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia mitarika miverina avy hatrany any amin'io rafitra tranainy io indray izany. Marina ve izany? Mialà lavitra an'ilay zavatra. Halaviro izany! Ary halaviro izany fibedibedena foana izany.

143 Naheno olona iray ianareo tonga teo. . .Hanome anareo ohatra kely iray fotsiny aho. "Rtoa. Doe, mba fantatrao moa? Nahita ny vadinao aho. Ary teneniko aminao hoe inona. Ary diakona iray izy." Hitanareo? Ary. . .

Ankehitriny, ilay zavatra mihitsy, manaova hoe, "Tsy tehandre an'izany aho!" Marina izany, ary manohiza mandeha. Tsy

mandray betsaka amin'izany, dia hajanon'izy ireo izany. Marina izany.

144 "Oh, mba fantatrao moa, Ranabavy? Ho teneniko aminao izay nitranga tamin'ny Rahalahy." Tsy ny anabavy ihany, fa ny rahalahy ihany koa. Hitanareo?

"Rahalahy, ho teneniko aminao izay nitranga. Fantatrao fa raha afaka manala an'io mpitory teny io fotsiny isika, raha afaka manao an'*ity* isika, na manala an'ity diakona ity, na raha afaka manao an'*ity* isika." Oh, oh! Izao fotsiny—izao fotsiny alaviro fotsiny io zavatra io.

145 Mieritreritra zavatra kely tsara iray izay tokony hapetrakareo eo amin'ny biraonareo aho, izany dia zavatra kely iray izay hitako tany Florida vao tsy ela akory izay. Izany dia gidro kely telo; ary ny anankiray tamin'izy ireo dia nanana ny tànany teo amin'ny masony, ka nanao hoe, "Aza mijery ny ratsy"; ary ny anankiray hafa nanana ny rantsan-tànany teo amin'ny sofiny, nanao hoe, "Aza mihaino ny ratsy"; ary ny anankiray hafa kosa nanana ny tànany teo amin'ny vavany, hoy izy, "Aza miteny ratsy." Heveriko fa zavatra tsara izany ary ianareo? Eny, tompoko! Oh, oadray! Tena zavatra tsara izany.

146 Ataovy madio fotsiny ny sainareo ary eo amin'i Kristy. Tsy afaka milaza fotsiny ianareo hoe, "Eny, ankehitriny. . . " Ankehitriny jereo, raha tsy mitandrina ianareo, dia hanao ny tenanareo ho tonga eo amin'ny toerana iray, raha manohy mihevitra ianareo fa. . . Ary aza—ary aza mihevitra fa ianareo dia manana . . . Tsy afaka miaina tena tanteraka ianareo raha tsy manao an'izany fahadisoana izany ankehitriny. Ankehitriny, aza mieritreritra ianareo fa ho lasa tahaka an'izany mihitsy, satria tsy ho lasa ianareo. Tsia, tompoko! Tsy hoe tsy manam-pahotana ianareo, ary hiala amin'ny làlan'izy ireo tokoa ianareo, amin'ity ilany ity ary amin'itsy ilany itsy.

147 Fa ny lehilahy izay nianjera indray mandeha, raha tena miaramila iray izy dia hitsangana indray. "Tompo, avelao aho hitsangana ka hanandrana an'ilay izy indray." Fa ny kanosa iray, vantany vao hitany fa manao ny fahadisoany kely voalohany izy, tahaka ny nolazaiko aninkeo maraina mihitsy hoe: ny bibikely sy ny halan-drano dia handady hiverina avy hatrany ao anaty rano indray. Hitanareo? Tsy afaka mahatanty an'izany fotsiny izy.

148 Noho izany mandàva ny ratsy rehetra—io mibedibedy foana sy manao hadalana io, miresaka. *Mibedibedy* dia midika hoe "fifanjevoana." Ary hoy ny Baiboly hoe, "Mariho ireo izay mahatonga fifandirana eo anivonareo."

149 Raha hoy ny olona iray hoe, "Ah hah! Ah hah," ankehitriny fotsiny—manaova fotsiny hoe, "Manao ahoana ianao? Faly aho mahita anao indray. Misaotra anao." Dia manohiza mandeha fotsiny. Izany ilay zavatra tsara indrindra. Aza manalavitra azy

ireo, fa mariho fotsiny izy ireo. Aza miraharaha, satria hitanareo hoe mitarika mankaiza izany.

**21. Taiza Jesosy nanomboka tamin'Ny...taiza Jesosy nanomboka tamin'ny Batisany ka hatramin'ny telo taonan'ny Asam-panompoany?**

150 Eny àry. Jesosy, rehefa natao batisa Izy, dia nivoaka avy hatrany avy tao anaty rano, ary ny Fanahy no nitarika Azy nankany an-efitra nandritry ny efapolo andro sy alina mba halain'ny devoly fanahy. Ary nalaim-panahy efapolo andro sy alina Izy. Ary nifady hanina Izy. Nivoaka Izy. Naka fanahy Azy ny devoly rehefa nivoaka Izy taorian'ny Fifadian-kaniny. Ary nanohitra ny devoly tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra Izy, ary niditra tao amin'ny Asam-panompoany, ka nitory teny telo taona sy tapany, araka ny Soratra.

151 Jereo. Tany aoriana lavitra tany ao amin'ny Daniela dia niteny Andriamanitra ary nilaza fa hitory teny telo taona sy tapany Izy ary ho esorina mba ho Fanatitra iray mandritr'io fotoana io. Marina tokoa. Fanorenana an'izao tontolo izao no voatendry Izy. Marina izany.

152 Matio ny toko faha-4, no hahitanareo an'izany. Raha tsy araka ny finoanareo marina tokoa izany, dia mety tsara.

Ankehitriny, ity anankiray ity izay tsy...Ndao jerentsika hoe inona...Oh, eny. "Aiza ny...?" Nahazo an'izany isika vao teo. "Aiza ireo maty?"

**22. Tamin'ny fotoana iray—tamin'ny fotoana iray ve dia fotsy isika rehetra sa mainty hoditra? Amin'izy roa, iza no nametrahana ny ozona?**

153 Ankehitriny, araka ny fantatsika, dia tsy afaka miteny aminareo aho raha Adama sy Eva dia—dia fotsy, na volontany, na mavo, na mainty. Tsy afaka miteny aminareo aho. Tsy misy hafa mahafantatra afa-tsy Andriamanitra irery ihany, heveriko; Izy no tany. Ankehitriny, ao amin'ny...Satria tonga avy amin'ny fiteny anankiray sy vahoaka anankiray isika rehetra mandra-pahatongan'ny tilikambon'i Babela, fifanjevoana iray. Ary avy eo dia lasa samihafa ny fitenin'izy ireo. Ary araka ny fantatsika dia vahoaka anankiray izy rehetra hatramin'io fotoana io. Ary nisaraka sy niparitaka tany amin'ny ampahany samihafa an'izao tontolo izao izy ireo.

154 Ary ny sasany...Makà biby iray ianareo; makà aina izay mihinana avy amin'ny tany anankiray, hanova an'io loko io izany. Raha misy mpihaza iray eto, dia araho minitra vitsy fotsiny aho. Mandehana any Mexico, ka alaivo ilay alikadia; mankanesa eto Arizona ary alaivo ilay alikadia; mandehana any Avaratra ary alaivo ilay alikadia iray ihany, dia diniho ireo loko telo. Makà biby goavambe Gila iray izay nompiana tany Texas, ary makà anankiray izay nompiana tany Arizona, dia jereo ny

fahasamihafana eo amin'izy ireo (hitanareo?), satria ilay izy dia ilay tany izay ipetrahan'izy ireo. Hitanareo?

155 Ary ankehitriny, ny Sinoa, ny Sinoa dia o—olona mavo iray, Japoney, sy ny sisa, ary Sinoa iray. Ny Etiopiana dia o—olona iray mainty hoditra, na ny Mainty izay ananantsika ankehitriny. Ary nandeha tany amin'ireo firenena maizina izy tany.

156 Ary izy ireo—ary—ary izy ireo dia. . . Ary avy eo ilay fotsy hoditra dia ny olona Anglo-Saxon izay isika. Ary, ny—ny olona eto, izay antsointsika hoe ny olona fotsy hoditra, dia avy any Angletera izy ireo izay nantsoina taloha hoe "tanin'Anjely." Ary satria fotsy izy ireo, sy mavo mena, sy ny sisa . . . Ary niparitaka tany Irlande, sy Norvège, sy ny sisa, tany. Ary avy amin'ny olona Anglo-Saxon izy rehetra.

157 Ankehitriny, iza no voalohany ary iza no voaozona? Tsy nisy iray tamin'izy ireo. Fantatro izay tianao ahatongavana. Miezaka ho tonga any amin'i Hama ianao. Fantatro izay handehananao, any amin'ny olon'i Hama.

158 Ankehitriny, nisy an'i Hama, Sema, ary Jafeta. Ankehitriny i Hama, izy—izy—tsy niezaka nanafina ny fitanjahan'ny rainy izy, fa nihomehy ary naneso azy. Ary nametraka ozona iray teo amin'i Hama Andriamanitra nohon'ny fijerena ny fitanjahan'ny rainy nefa tsy niezaka nanarona ny fahamenarany. Ary i Sema sy Jafeta dia nanao dia mianotra ka nanipy ny lambany teo ambonin'ny rainy rehefa nandry nitanjaka izy. Ary ankehitriny, dia niteny tamin'i Hama Andriamanitra fa ny taranany dia hanompo an'ireo hafa.

159 Ankehitriny, raha nihevitra ianao fa ozona iray izany, ilay fivadihana ho mainty, eny noho izany, ny Jiosy dia mainty ihany koa. Raha mihevitra ianao fa izany dia ho ilay—ilay, izay antsointsika hoe lehilahy mainty hoditra, na, ny Mainty an'ity firenena ity izay eto ankehitriny, dia tokony handeha any Inde ianao. Ny Indiana dia mainty kokoa noho ny Mainty. Efa tany amin'ireo fireneny roa aho. Eto ilay—ilay Etiopiana avy any Etiopia, ary ilay Afrikana, ilay lehilahy mainty hoditra izay fantatsika amin'izao andro izao. Eo izy ireo, maro amin'izy ireo no mbola ao amin'ny fahagolany, ao amin'ny fokony. Saika tahaka antsika mihitsy fony tonga Jesosy.

160 Ny olona fotsy hoditra dia fahagola mihitsy tahaka ny—ny teratan'i Afrika ankehitriny, ratsy kokoa angamba. Tsarovy, roa arivo taona lasa izay dia fokon'olona nitanjaka isika tany niaraka tamin'ny—niaraka tamin'ny tsipìka sy zana-tsipìka ary famaky vato, nihaza (marina tokoa izany), isika olona Anglo-Saxon. Marina tokoa izany. Noho izany dia iza no iza?

161 Ho teneniko aminareo androany fa ilay anankiray izay voaozona dia ilay anankiray izay mandà an'i Jesosy Kristy. Izay ihany. Ilay anankiray izay manaiky an'i Jesosy Kristy no voatahy.

162 Ankehitriny, tsy afaka milaza ianareo . . . Handeha aho, haka ny Esquimau, avy any amin'io firenena any io. Ary io izy eto; ary io lehilahy io dia mainty kokoa noho ny olona mainty hoditra izay ananantsika eto. Handeha any Inde aho ary haka an'ireo Indiana; ary izy dia—tsy olona mainty hoditra iray izy, fa tena mainty marina tokoa. Izy dia mainty kokoa noho . . . tena loko mainty iray mihitsy. Ary izy no antsoina hoe . . . Ary Indiana iray izy. Eny ankehitriny, any Afrika dia manana ny sasany amin'ireo olona Afrikana isika izay . . . Ny sasany amin'izy ireo dia mazava loko; saika toa fotsy ny sasany amin'izy ireo; ary ny sasany amin'izy ireo dia—dia samihafa karazana.

163 Mandehana any amin'ireo Jiosy; ary hilaza ianareo fa ny Jiosy rehetra dia—dia mainty tanteraka. Ny Jiosy dia olona volontany, fa efa nahita maro mena volo aho miaraka amin'ny maso manga, hoditra fotsifotsy. Hitanareo?

164 Noho izany ilay zavatra manontolo dia ity: avy amin'ny hazo anankiray isika rehetra. Marina izany. Ary voaozona isika rehetra tamin'ny alàlan'ny fahalavoana tany Edena. Ary isika rehetra dia voavonjy tamin'ny alàlan'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Izay ilay izy. Noho izany dia tsy misy ozona. Ny voaozona dia ireo izay tsy mino, fa voatahy ireo izay mino. Noho izany dia tsy misy na iray aza, ry sakaiza, ilay mainty na ilay olona mainty hoditra, na ilay olona fotsy hoditra na olona mavo. Noho izany, raha voaozona ilay olona mainty satria mainty, amin'izay fotoana izay ilay olona mavo dia voaozona tapany. Ary amin'izay fotoana izay ilay—ary amin'izay fotoana izay ilay lehilahy mavo, ary amin'izay fotoana izay ilay lehilahy volontany, dia voaozona amin'ny roa ampahatelony mihitsy izy. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay, ilay Afrikana dia voaozona eo amin'ny efatra ampahadiminy. Ary heveriko fa ilay Indiana no voaozona marina tokoa amin'izay fotoana izay. Oh, oadray! Hadalana toy ny ahoana! Tsia! Ilay izy dia ny toe-tany samihafa sy ny sisa izay niainan'ny olona. Nivadika izy ireo, nisaraka foko sy ny sisa, samihafa izy ireo.

165 Jereo ny Indiana Amerikana. Maro amin'ireo . . . Ny Navajo any dia taranak'olona mainty kokoa noho ireo olontsika Etiopiana mainty hoditra ato amin'ity firenena ity, ny Navajo. Ny Apaches dia . . . Izy ireo dia karazan'ny—ny lokom-barahina. Ary ireo foko samihafa . . . Hitanareo? Noho izany eo anivon'ireo Indiana mihitsy, eto mihitsy, dia mahita an'ireo mainty, ary saiky . . . Ary ny Cherokee dia saiky hatsatra tahaka antsika, ny Cherokee. Ary misy ato amin'ity firenena ity mihitsy, ireo foko samihafa. Noho izany dia hitanareo, tsy afaka milaza ianareo fa voaozona tapany izy ireo ary voaozona tanteraka. Tsy voaozona izy ireo satria hoe mainty. Tsy voaozona izy ireo satria hoe mavo na hoe satria fotsy izy ireo. Ozona anankiray ihany no fantatro, ary izany dia ny tsi-finoana an'i Jesosy Kristy. (Fantatro, Donny, fa izao no fotoana hamaranako, saingy manana fanontaniana roa

amboniny aho.)

**23.** Eny àry ankehitriny. **Aiza ireo foko folo niparitaka very an'i Isiraely (Genesisy 44:49), ny fokon'i Josefa nankany amin'ny firenena maro? Simeona, Levy, izay tsy nanana tanindrazana azy ireo manokana, fa niparitaka any anivon'ireo foko folo hafa... Aiza ireo foko folo? Afaka mahita azy ireo ve isika?**

166 Eny, tompoko! Afaka hita izy ireo. Ara-jeografia dia afaka hita izy ireo ao amin'ny Baiboly. Ary Andriamanitra dia miteny amintsika eo hoe aiza no hisy azy ireo amin'ny andro farany sy hoe inona no fiafaran'izy ireo. Ary izao ankehitriny izao, vao namaky boky iray aho, hoe tany Isiraely no nisy ny sasany, izay nolazainy fa nisy olona nanatsoboka ny tongony tao anaty menaka sy ny zavatra rehetra. Andriamanitra no nametraka azy rehetra, napetraka tao amin'ny toerana samihafa. Ary eo am-piverenana mankany Palestina ny Jiosy rehetra, izay nampanantenain'Andriamanitra fa ho any izy ireo amin'ny andro farany.

**24.** Fanontaniana iray amboniny: **Afaka...Tsy afaka mino aho fa nandefa ady ho fitsarana Andriamanitra. Tsy afaka mino aho fa mandefa ady ho fitsarana Andriamanitra.** (Henoy vetivety fotsiny.) **Tsy mino aho, tahaka ny inoan'ny sasany, fa Andriamanitra no nametraka an'ilay sabatra teo an-tànan'ireo mpivaro-kena nanomboka tany Babylona fahiny ka hatramin'i Hitler, mba hamonoana vehivavy sy ankizy tsy manan-tsiny teo anivon'ny...miaraka amin'ny meloka, mba hanatanteraka ny fitsaran'Andriamanitra. Andriamanitra ve afaka...ny Andriamanitry ny fitiavako tsy hanao...ny Andriamanitry ny fitiavako** (Azafady!), **hanao an'izany. Ny ady dia asan'i Satana. Hamarino azafady io fifanjevoana io.**

167 Ankehitriny, vetivety fotsiny. Namaky an'ity aho vao teo mihitsy, izany no antony nametrahako an'ity teo ambany. Ankehitriny, tiako ianareo hihazona ny filaminanareo iray minitra fotsiny. Ankehitriny, ndao—ndao hataontsika tena mahitsy ity, satria ity dia tena fanontaniana iray mihitsy. Ary tokony hatonina am-panajana izany. Aorian'izany avy hatrany, raha afaka maharitra elaela kely miaraka aminay fotsiny ianareo...

168 Fantatro fa efa tara izao, saingy izany dia...Tsarovy, inona ny amin'izany? Ankehitriny, nandeha nandihy nandritry ny alina manontolo ianareo taloha ary tsy nieritreritra na inona na inona mikasika an'izany (hitanareo?), mandeha mankany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, fa rehefa tonga eo amin'ny hoe ny Tenin'Andriamanitra mihoatra ny roapolo minitra ilay izy, rahalahy, dia tsy maintsy mitady mpitory teny vaovao iray isika. Hitanareo? Henatra izany. Nitory nandritra ny alina manontolo i Paoly. Nitory teto mihitsy aho taona maro lasa izay tamin'ny

roa sy telo ora maraina. Ary nandeha nandroso sy niverina tamin'ity toerana eto ity ny olona nidera an'Andriamanitra fotsiny tamin'ny roa na telo ora maraina. Nahita maro teo amin'ny roa ambin'ny folo ianareo amin'ny fotoana iray mandray ny Fanahy Masina amin'ny roa sy telo ora. Mamindrà fo Andriamanitra. Naniry aho mba ahafahako hahita an'izany indray aho. Saingy tsy afaka isika; tapitra ny andro. Tapitra ny andro ankehitriny; lasa lavitra izy ankehitriny. Manakaiky ny alina ary ny olona dia . . . "Eny, tsy miraharaha intsony mihitsy izahay, noho izany . . . Oadray, maniry aho ny hijanonan'izy ireo, mba ahafahantsika ho vonona hiditra." Ary izany fotsiny—saiky tahaka an'izany fotsiny no andehanany.

169 Andraso, te-hanontany zavatra aminareo aho ankehitriny. Ankehitriny, tsy hifanaraka aminao aho, rahalahy na anabavy, tsy fantatro. Napetraka teto ilay izy aninkeo maraina. Nanana azy aho tao amin'ny Baiboliko ary nijery azy vao teo. Ankehitriny, amin'ny fomba fisakaizana . . . Ary ankehitriny, tsy tiako ianao ho—ho—hisafoaka amiko. Tiako ianao hihaino tsara.

170 Ary isika . . . Tsarovy, ho tiako mihitsy ny hifanaraka betsaka aminao eo amin'ity—eo amin'ny fanapahan-kevitrao eo amin'ity tahaka ny nataoko tamin'io vehivavy io, vehivavy mampalahelo vao teo. Nilaza . . . Izy sy ny vadiny, nandositra fotsiny izy ireo dia nivady; ary izay ilay izy. Saingy efa nanao ny voadiny izy; tsy maintsy mifikitra amin'izany izy. Hitanareo? Ary ankehitriny, tsy maintsy mifikitra amin'ny Tenin'Andriamanitra aho.

> Fa ankehitriny, **tsy mino aho . . .** Fa voalohany, **tsy afaka mino aho fa mandefa ady ho fitsarana Andriamanitra.**

171 Eny ankehitriny, ry sakaiza, zavatra iray ihany no tsy mety amin'ny finoanao, izany dia, tsy ara-tSoratra ilay izy. Tena mandefa ady ho fitsarana Andriamanitra. Marina izany. Izaho—hanome Soratra ho anao aho; tsy hamaky azy mihitsy aho eto ka hiteny aminao avy eo.

> Jereo. **Tsy mino aho tahaka ny inoan'ny sasany fa Andriamanitra dia nametraka sabatra iray teo antànan'ireo mpivaro-kena ireo nanomboka tany Babylona fahiny ka hatramin'i Hitler, mba hamonoana an'ireo vehivavy sy ankizy tsy manan-tsiny ireo.**

172 Raha hiteny aminao amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho fa tena Nataony izany, ka hanaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Baiboly, dia hino an'izany ve ianao amin'izay fotoana izay (hitanao?), hoe tena Nataony izany? Eny àry. Ary Hataony indray izany. Eny àry. Ary henoy ity.

173 Tsy fantatro. Mety ho sakaizako akaiky mipetraka eto ity araka ny fantatro; satria Andriamanitra Izay any An-danitra no mahafantatra fa tsy fantatro akory aza ilay sora-tànana. Tsy afaka hiteny aminareo aho. Fa tiako ianareo hihaino an'ity. "Ny Andriamanitro dia Andriamanitry ny fitiavana, ny

Andriamanitro dia fitiavana ka tsy hanao an'izany. Avy amin'i Satana ny ady." Mifanaraka aminao aho fa avy amin'i Satana ny ady. Marina tokoa izany. Izy no andrianan'izao tontolo izao. An'i Satana ny fanjakana rehetra sy ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao. Nilaza Andriamanitra fa izany izy ireo ao amin'Ny Teniny. Hoy Satana hoe, "Ahy izy ireo." Nanaiky Jesosy fa azy izy ireo. Saingy Izy no ho lasa mpandova azy rehetra ireo afaka kelikely, Jesosy izany. Tsy hanana ady intsony isika amin'izany fotoana izany. Fa navelan'Andriamanitra hanao an'izany i Satana ho fanitsiana sy ho fitsarana.

174 Ankehitriny, te-hanontany zavatra aminao aho alohan'ny hanombohantsika. Tiako ianao hamaly an'ity amiko ka hahita. Raha tsy mino ianao fa Andriamanitra dia ny . . . (Hoy ianao) . . . hoe tsy hanao an'ireo zavatra ireo. Mba hanombohana azy fotsiny hatrany amin'ny voalohany mihitsy . . . Ankehitriny, omeo ahy ny fifantohanareo tsy mizarazara raha vitanareo. Henoy. Nahoana Andriamanitra Izy tenany no nanafay Ny Zanany Manokana ka namono Azy teo amin'ny hazo fijaliana? Andriamanitra no namono Ny Zanany Manokana teo amin'ny hazo fijaliana. "Kanefa sitrak'Andriamanitra," hoy ny Soratra, "ny hamely Azy, sy hanorotoro Azy, ary handratra Azy." Tahaka an'izany no nanaovan'Andriamanitra Ny Zanany Manokana mba hamonjena anareo.

175 Te-hanontany aho mikasika an'i Saoly, ilay mpanjaka malaza an'i Isiraely. Niteny taminy Andriamanitra mba handeha any ka haka an'i Oga Mpanjaka sy ny zavatra rehetra izay nananany ary handringana tanteraka ny zavatra rehetra tany, lehilahy, vehivavy, ankizy, sy ny zavatra rehetra . . . Ary i Saoly . . . na dia ny biby fiompy aza mba hamono azy, tsy hamela na inona na inona ho velona. Ary nandeha tany i Saoly ka nitahiry ny sasany tamin'ny biby fiompy. Ary nesorin'Andriamanitra taminy ny Fanahy ka nanasaraka azy Taminy; lasa fahavalon'Andriamanitra izy.

176 Nahoana i Elia no nitsangana tany rehefa nanolotra an'i Oga Mpanjaka antitra teo an-tànan'i Ahaba Andriamanitra? Ary niteny tamin'i Ahaba izy mba hamono an'io mpanjaka io. Ary nandà ny hanao an'izany i Ahaba. Ary Elia mpaminany dia nanana mpiambina mba . . . Hoy izy, "Asio amin'ny sabatrao aho." Fantany fa mpaminany iray izy.

Hoy izy hoe, "Tsy hanao aho." Ary nahavery ny ainy izy. Avy eo dia niteny tamin'ilay iray hafa izy, nanao hoe, "Asio aho." Dia namely azy tamin'ny sabatra ilay lehilahy ka nanapaka azy. Ary nandrakotra ny tenany tao anatin'ny saron-tava izy ka nitsangana teo. Ary indro tonga i Ahaba nitaingina ny kalesiny.

Hoy izy hoe, "Inona—inona no itsangananao eto?"

Hoy izy hoe, "Eny, mpiambina iray aho; nomena ahy ny fikarakarana lehilahy iray. Dia namely ahy izy ka nandositra,"

hoy Izy hoe, “ary navelako handeha izy. Ary niteny tamiko izy ireo fa raha namela aho, dia tsy maintsy mandoa amin’ny aiko manokana aho.”

Hoy izy hoe, “Eny, handoa amin’ny ainao manokana ianao.”

Nanala rakotra ny tenany izy ka nanao hoe, “HOY NY TOMPO HOE, satria tsy namono an’io mpanjaka io ianao tany, dia handoa an’izany amin’ny tenanao manokana ianao.” Marina ve izany? Marina tokoa izany.

177 Mamelà ahy hamaky zavatra aminareo eto. Ahoana ny amin’i Babylona, rehefa Josoa . . . rehefa naniraka an’i Josoa hiampita tany Andriamanitra, ka naringany tanteraka ireo zaza kely, ny ankizy, ary ny zavatra hafa rehetra. Ary raha namela zavatra anankiray ho velona izy . . . Naringany ny zavatra rehetra. Zaza kely Filistina, noravàny fotsiny izy ireo. Andriamanitra no nandidy azy. Ary raha tsy nanao an’izany izy, dia ny ainy manokana izany.

178 Hanamboatra an’izany aho afaka minitra vitsy. Andriamanitra dia fitiavana, fitiavana tanteraka; saingy tsy fantatrao hoe inona ny fitiavana. Izany no antony tsy ahafantaran’ny olona amin’izao andro izao hoe inona ny finoana. Andriamanitra dia fitiavana. Tsy maintsy ho latsapitia Izy; masimandidy amin’Ny Teniny Izy. Ary tsy maintsy mihazona Ny Teniny Izy. Tsy maintsy tia anareo Izy. Ary raha tia anareo Izy, dia tsy maintsy miaro anareo Izy.

179 Henoy eto. Miresaka ny fandringanana an’ireo ankizy ianareo. Iray minitra fotsiny, mamelà ahy haneho aminareo zavatra iray ato amin’ny Soratra, izay—izay lazain’ny Baiboly mikasika an’ireto zavatra eto ireto. Ndao isika handeha eto ka hihaino fotsiny an’ity iray minitra fotsiny ary hahita an’izay nolazain’Andriamanitra. Ankehitriny, mamaky avy ao amin’ny Ezekiela ny toko faha-9 aho, raha tianareo ny handray naoty an’izany. Henoy tsara:

> Ary . . . *Niantso tamin’ny feo mahery teo amin’*ny *sofiko koa izy,* ka *nanao hoe, Ampanatony akaiky ireo mpiambina ny tanàna, . . . ny lehilahy tsirairay miaraka amin’*ny *fiadiany enti-mandringana eny antànany.* (Ankehitriny, Andriamanitra no miteny an’ity.)
>
> *Ary, indro, nisy lehilahy enina tonga avy tamin’ny làlana mankamin’ny vavahady ambony, izay* manatrika *ny avaratra, ary ny lehilahy tsirairay mitondra fiadiana* enti-mamono *eny an-tànany; ary ny lehilahy anankiray teo anivon’izy ireo dia nitafy rongony* fotsy, ary *fitoerandranomaintin’ny mpanoratra no teo amin’ny valahany: ary niditra izy ireo, ka nijanona teo* akaikin’ny . . . *teo anilan’ny alitara varahina.*
>
> *Ary ny voninahitr’Andriamanitry ny Isiraely niakatra niala teo amin’ny* kerobima, *izay nitoerany, ho eo*

> *amin'ny tokonam-baravaran'ny trano. Ary niantso* ahy *izy...an'ilay lehilahy nitafy rongony* fotsy, niaraka tamin'ny...*nanana ny...fitoeran-dranomainty teny* an-tànany—na *valahany;*
>
> Ary noho izany...*Ary ny* Tompo...(Renitsoratra T-O-M-P-O, izay Andriamanitra.)...*hoy ny* Tompo *taminy hoe, Mandehana mamaky eo afovoan'ny tanàna, eo afovoan'i Jerosalema,...asio marika eo amin'ny* handrin'*ny* olona *izay misento sy...mitaraina...ny fahavetavetana...natao teo afovoany.*
>
> *Ary tamin'ireo hafa izy*...(Ny Tompo.)...*nilaza teo amin'*ny *sofiko hoe, Mandehana manaraka azy ianareo hamaky ny tanàna, ka mameleza:* ary *aoka tsy hamindra fo ny masonareo, aza manana antra koa ianareo:* (Diniho, andininy faha-6.)
>
> Tanteraka—*Vonoy tanteraka ny antitra...tanora...* virijiny,...*ankizy madinika,...vehivavy:...* (Andriamanitra no niteny an'izany. Andriamanitra no niteny an'izany!)...*fa aza manakaiky an'*izay manana *ny marika; ary nanomboka teo amin'*ny antitra izy...*teo* amin'ny *fitoerana masina—*ary nanomboka *tamin'ilay* lehilahy *antitra...teo anoloan'ny trano.*

180 Amin'ny teny hafa, dia hoy Andriamanitra tamin'ireto olona ireto hoe, "Ankehitriny, andraso; hanisy marika ny olona Aho aloha, ireo izay voatokana ho an'Andriamanitra marina tokoa..." Dia Nasiany marika teo amin'izy ireo. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny," tamin'ireto lehilahy izay manana ny fiadiana enti-mamono ireto, "mandehana ianareo mitety ka aza mitahiry an'ireo vehivavy, ankizy, na inona na inona, fa vonoy tanteraka ny zavatra rehetra."

181 Tao amin'ny tontolo talohan'ny safo-drano tao amin'ny fandringanana, nefa olona an-tapitrisany sy an-tapitrisany ary an-davitrisany no teto an-tany, ary Andriamanitra nandefa mpitory teny antitra masina iray tamin'ny anarana hoe Noa, ary nitory teny roapolo amby zato taona, ary niteny tamin'izy ireo mba hiditra tao anatin'ilay sambofiara, fa ny rehetra izay tsy niditra tao anatin'io sambofiara io dia ho ringana...Ary Andriamanitra Tsitoha, izay nanana ny fifehezana ny lanitra, dia nandatsaka ny orana izay namotika tanteraka olona antitra an-tapitrisany, ny olona tanora, ireo zaza kely, kenda sy levona tao anaty rano.

182 Andriamanitra Tsitoha, ary Andriamanitry ny fitiavana marina tokoa Izy. Ary marina izany. Tsy maintsy Izy. Tia ny Azy Manokana Izy. Tsy maintsy masimandidy amin'Ny Teniny Izy. Noho izany tsy ny...ho an'ny fifandirana iray, fa tsy mifanaraka aminao. Andriamanitry ny fitiavanao...

183 Teto vao tsy ela akory izay dia niresaka aho. . . Mety ho Vavolombelon'i Jehovah angamba ilay izy. Tonga ilay lehilahy ka nanao hoe, "Rahalahy Branham, te-hiteny amiko ve ianao fa ianao dia mino fa misy helo iray mirehitra?"

Hoy aho hoe, "Ilay izy dia tsy izay lazaiko, ilay izy dia izay lazain'ny Baiboly."

Hoy izy hoe, "Te-hiteny amiko ve ianao fa ny Ray any An-danitra be fitiavana iray dia handoro ny Zanany? Nahoana," hoy izy, "tsy handoro ny zanakao ianao."

Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko!"

"Eny noho izany, raha ianao amin'ny maha-olombelona iray no manana an'izany fitiavana betsaka izany (hitanareo, ahoana no ahafahan'ny olona manodina an'ilay zavatra?), raha ianao amin'ny maha-olombelona iray no manana an'izany fitiavana betsaka izany, dia mihevitra ve ianao fa handrava ny Zanany ny Ray any An-danitra be fitiavana iray?"

184 Hoy aho hoe, "Tsia mihitsy!" Tsy mandringana ny Zanany Izy, fa zanak'iza ianao? Andriamanitra tsy mandringana ny Zanany. Miezaka ny Tsarany indrindra Izy hampiditra azy ireo. Fa ny devoly izay navotsotra no handringana ny zanany. Noho izany dia navelan'Andriamanitra fotsiny i Satana.

185 Jereo. Iza no namela ny ratsy hidina sy Satana mba handeha ary handringana an'ilay mpanompon'Andriamanitra tanteraka indrindra talohan'i Jesosy Kristy, ireo zanany ary ny zavatra rehetra izay nananany, Joba? Ary nandefa fanahy ratsy Andriamanitra tany ka nandringana an'ireo zanak'i Joba rehetra sy ny zavatra rehetra mba hizaha toetra ny Mpanompony fotsiny. Marina ve izany? Azo antoka.

186 Oh, afaka hitsangana eto mandritra ny adiny iray aho ka haneho azy ireo fotsiny aminao, ry Rahalahiko, Anabaviko. Marina izany, na mety ho iza na iza ianao. Aza afangaro io Fanahin'Andriamanitra io. Ny ady dia fitsaran'Andriamanitra eo amin'ireo firenena. Nirahin'Andriamanitra ny fandringanana. Ny Baiboly no niteny an'izany. Ary Andriamanitra dia Andriamanitry ny fitiavana iray, saingy Andriamanitra dia Andriamanitry ny fahatezerana iray ihany koa. Ary ianao tsy hitsangana eo anatrehan'ny tia iray. . . Efa izany ilay zavatra izay nandratra ny fiangonana amin'izao andro izao.

187 "Ray tia iray, mazava ho azy fa tsy hampaninona Azy ny anaovako an'ity." Raha te-hanao an'izany ianao, dia afaka manohy koa ianao ary manao an'izany, satria tsy ao anatinao ny fitiavan'Andriamanitra eo am-panombohana.

188 Miomana ny handray ny Fandraisana isika ao anatin'ny fotoana fohy, ary tiako hilentika marina tokoa ao anatinareo ity. Ilay zavatra amin'ilay izy dia, izay ao am-ponareo no hamokatra, hanao ny fiainanareo. Izay karazana voa apetrakareo ao

anaty tany no hamokatra araka ny karazany avy. Ahoana no ahafahanareo maka vo—voly katsaka iray ka manao a—ahitra sokay iray avy amin'izany? Tsy afaka manao an'izany ianareo tahaka ny tsy ahafahanareo maka voam-bary iray ka hanao tsipolitra iray. Tsy afaka manao azy ireo ianareo, satria toetra roa samihafa izy ireo, aina roa samy hafa tanteraka. Ny. . . Ianao—mety maka voan'ny ahitra sokay iray sy voan'ny tongolo iray ianareo, ary mitovy tanteraka izy ireo hany ka ilay tena tsara indrindra amin'ny olona dia tsy afaka manavaka azy ireo. Marina izany. Ny zavatra tokana tokony ataonareo dia ny mamboly azy ireo. Mitovy izy roa ireo ara-boajanahary, fa amboleo izy ireo. Samy hamokatra izy roa; fa ny iray dia ho ahitra sokay iray ary ilay iray hafa dia ho tongolo iray. Marina tokoa izany.

189 Hoy ianareo, "Nahoana, inona no mahatonga an'*ity* voa ity, toa mitovy marina tokoa tahaka an'*ity*, hamokatra karazana aina hafa iray?" Izany dia satria io karazana aina io no ao anatiny.

190 Ary ny lehilahy na vehivavy izay milaza ho Kristiana nefa tsy miaina an'izany karazana fiainana izany, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ahitra sokay iray. Amin'ny voany no hahafantaranareo azy ireo. Raha ao am-ponareo izany zavatra izany, dia manambara fa any an-kafa any ho any ianareo. Raha ratsy izany, dia izany no manambara fa eto ambany eto ianareo. Rehefa maty ianareo, dia tsy maintsy handeha any amin'izay efa misy anareo fotsiny ianareo.

Raha tsara ianareo ary ianareo dia—tsara ianareo satria Andriamanitra no nanao anareo ho tsara, ary nateraka indray ianareo, dia tsy maintsy handeha amin'izany làlana izany, satria io Fiainana io dia tsy maintsy hanambara ny amin'ity toerana ity. Raha manambara ny eto ilay izy, dia any no andehananareo. Raha manambara ny any ambony any ilay izy, dia any no andehananareo. Hitanareo?

191 Izay maha-izy anareo eto. . .Ataovy ao an-tsainareo izao ankehitriny. Hamarana aho. Fa izay maha-izy anareo eto dia famantarana iray fa zavatra hafa ianareo any ho any. Naniry ny ho ao amin'ny fahatanterahana foana ianareo, ianareo Kristiana. Misy fahatanterahana iray, ary izany fahatanterahana izany dia tsy ato amin'ity fiainana ity. Fa ny lehilahy sy vehivavy rehetra eto izay Kristiana, ny olona tsirairay izay Kristiana eto ankehitriny dia efa nomem-boninahitra ao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy. Ary manana vatana iray hafa ianareo. Tsy hoe hanana fotoana hafa iray ianareo, manana ianareo izao ankehitriny izao. Izao ankehitriny izao dia misy vatana iray hafa miandry anareo raha ho levona ity anankiray ity. Azonareo eritreretina ve izany. Diniho iray minitra fotsiny izany.

192 Fantatrareo ve fa ny tsirairay avy amintsika dia mety ho

any amin'ny mandrakizay alohan'ny iposahan'ny masoandro rahampitso maraina? Ankehitriny, raha tsy Kristiana ianareo, ry sakaizako, dia zavatra iray ihany no tavela ho anareo. Tsy maintsy mandeha amin'izany làlana izany ianareo. Raha eo amin'izany làlana izany ianareo, dia tsy maintsy mandeha amin'izany làlana izany. Raha voan-katsaka iray ianareo, dia hamokatra katsaka. Raha tsipolitra iray ianareo, dia mamokatra fiainan-tsipolitra. Ankehitriny, raha efa nikambana tamin'ny fiangonana iray any ho any ianareo izay tsy mahafantatra sy tsy mampianatra, fa mamela anareo ho tonga any am-piangonana fotsiny sy ho mpikambana iray an'ny fiangonana . . . Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, ny fiangonako dia mampianatra fa tsy maintsy manaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjinay manokana izahay. Raha mino an'i Jesosy Kristy Tompo izahay dia voavonjy." Raha tsy mitaha amin'izany ny fiainanareo, dia mbola tsy vitanareo ilay izy.

193 Fantatrareo ve fa ny devoly dia mino fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra? Fantatrareo ve fa Jesosy ampahibemaso, na, fantatrareo ve fa ny devoly dia niaiky ampahibemaso an'i Jesosy ho ny Zanak'Andriamanitra? Nefa tsy voavonjy izy. Ary tsy azo vonjena izy; devoly izy. Noho izany ny miaiky an'i Jesosy ho ny Zanak'Andriamanitra . . .

194 Fantatrareo ve fa ireo Fariseo sy Sadoseo rehetra ireo, ny tsirairay avy dia tena olona manam-pinoana sy mpivavaka; toy ny ahoana no nitiavan'izy ireo an'Andriamanitra tamin'ny fony, nihevitra izy ireo; nefa diso tamin'ny fahitana an'io Anankiray tsy manan-tsiny io, ilay Zanak'Andriamanitra, mba hanaiky Azy ho ny Zanak'Andriamanitra. Kanefa, tena mpivavaka izy ireo (marina ve izany?), tena manam-pinoana, tena manam-pahaizana, nahafantatra ny Baiboly tsaratsara kokoa noho ny iray amin'ireo manam-pahaizantsika amin'izao andro izao. Tsy nanana na inona na inona natao afa-tsy ny nipetraka teo izy ireo nandritr'ireo taranany ary nanompo ny Tompo.

195 Ankehitriny, jereo izay lazain'ny Soratra hoe: "Amin'ny andro farany . . ." Ho anareo, ry sakaizako Kristiana, ary amin'ny fitiavana masina, hoy ny Baiboly hoe, "Amin'ny andro farany ny olona . . . ho avy ny fotoana izay hahatonga ny olona ho kirina, mpieboebo, tia fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra." Ankehitriny, tsy fahamarinana ve izany?

196 Olona anankiray tato amin'ity tranobe ity no nandeha nankany amin'ny fetin'ny Taona Vaovao indray hariva, ary tao ambany rihana dia nisotro zava-pisotro malefaka sy fialam-boly izy ireo ary nanao hadalana, sakafo hariva gilasy misy herodronono, sy ny sisa. Manolotra dihy mihitsy aza ireo fiangonana. Izay notenenin'Andriamanitra marina tokoa tamin'izy ireo mba tsy hatao, no ataon'izy ireo amin'ny Anaran'i Kristy. Ary ity no nolazain'i Jesosy mba hataon'ilay Fiangonana, nefa lavin'izy

ireo izany. Jesosy, ity ireo Teniny farany, ny Sitrapony sy ny didim-pananana ho an'ilay Fiangonana: "Mandehana ianareo any amin'izao tontolo rehetra izao; mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; izay tsy mino no hohelohina. (Angamba hatreo no novakian'ny pasiteranareo. Fa ity ny sisa amin'izany.) Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; raha mandray menarana izy ireo na misotro zava-mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany; ary raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

197 Ankehitriny, izany no nolazain'i Jesosy hataon'izy ireo amin'Ny Anarany. Lavin'izy ireo hoe misy izany, fa mandeha izy ireo ary manohitra fotsiny an'izay Nolazainy, mampianatra fa efa lasa izany, tsy misy na inona na inona amin'izany, ary mampianatra teolojia eo amin'ny toerany. Oh, tsy mahagaga raha ao anatin'ny toerana misy antsika isika.

198 Jereo eto, mamelà ahy hiteny aminareo, ry rahalahiko. Rehefa tonga eo amin'ny toerana iray ny Fiangonana hany ilay izy ka, ka ny mambra tsirairay ao anatiny ao dia tena feno ny Fanahy Masina sy ny hery, hany ka hanaraka ireo famantarana ireo.

199 Mieritreritra an'i Masindahy Paoly aho tany amin'ilay nosy rehefa avy vaky sambo. Nanome azy fahitana iray Andriamanitra. Rehefa ireo efatra ambin'ny folo andro sy alina. . . Lasa ny fanantenana rehetra hany hahavoavonjy azy ireo. Ilay sambo kely, tranainy nihilangilana tahaka an'*izao*, ary nitomany izy rehetra, ary efatra ambin'ny folo andro sy alina. Teo i Paoly, nahazo fahitana iray. Nivoaka izy; ary hoy izy hoe, "Mahereza, satria ilay Anjelin'Andriamanitra, Izay izaho no mpanompony, dia nitsangana teo anilako ka nanao hoe, 'Aza matahotra, fa tsy maintsy entina eo anatrehan'i Kaisara ianao. Ary indro, nomen'Andriamanitra anao ireo rehetra izay mitaingin-tsambo miaraka aminao.'"

200 Ary rehefa vaky ilay sambo ka niakatra teo amorondranomasina, dia tonga teo izy ireo niaraka tamin'ireo teratany, naka kitay vitsivitsy i Paoly, dia lasa izy ka napetrany teo ambony afo izy ireo. Ary nisy menarana goavana iray teo, nandramby azy tamin'ny tànana. Ankehitriny, io menarana io dia nanatsofoka poiziny tao anatin'ny tànany izay ho namono azy tao anatin'ny iray minitra. Hoy ireo teratany hoe, "Jereo fa hianjera ho faty io lehilahy io, satria ho faty izy afaka iray minitra fotsiny."

201 Tao anatin'ny rojo izy nohon'ny fitoriana ny Filazantsara. Olona mpivavaka no nametraka azy tao anatin'ny rojo. Ilay tena tsara indrindra amin'ny fiangonana tamin'izany andro izany no nametraka azy tao anatin'ny rojo. Raha tsy ny Lalàm-

panorenan'i Etazonia mihitsy, dia ho nanao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao. Marina izany! Miandrasa fotsiny mandra-pahatonga azy—mandra-pahatonga azy ho rava kely kokoa.

202 Ary nandramby azy teo amin'ny tànana ny menarana iray. Diniho ankehitriny. Tsy natahotra i Paoly. Hoy izy hoe, "Jesosy Kristy dia nilaza hoe, 'Raha mandray menarana izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany.'" Noho izany dia mandeha eto izy, manifika azy eo ambony afo; mihodina dia mandeha eo maka kitay vitsivitsy ary mametraka eo ambony afo indray; nanodina ny tenany ka nanafana ny lamosiny, ary nihodina tahaka an'izao ka nanafana ny tànany. Hoy ireo teratany hoe, "Nahoana izy no tsy maty? Nahoana no tsy maty io lehilahy io? Tokony hianjera ho faty izy." Fa tena feno ny Fanahy Masina i Paoly (hitanareo ve izay tiako lazaina?), tena feno ny Fanahy Masina hany ka tsy nahapoizina azy ilay poizina.

203 Oh, rahalahy, omeo fiangonana iray feno ny Fanahy Masina aho. Andriamanitra dia hanao ao anatin'ny taona anankiray an'izay tsy vitan'ny teolojiana rehetra tao anatin'ny roa arivo taona. Miandrasa mandra-pamelin'ny hosotr'ilay Fiangonana marina tokoa an'io sisa nanamborana kely mahatoky io. Rehefa mikatona ireo varavaran'ny Jentilisa, oh, dia hanosotra Fiangonana iray Andriamanitra amin'izay fotoana izay. "Izay maloto, aoka izy mbola haloto foana. Izay marina aoka izy mbola ho marina foana, ary izay masina aoka izy mbola ho masina foana." Ary Andriamanitra dia hanosotra an'ilay Fiangonana amin'ny Herin'Andriamanitra, ka hiseho ireo zavatra. Tsy tamin'izany ihany, fa manao an'izany Izy ankehitriny.

204 Diniho ireo famantarana sy fahagagana; avy eo dia mijery ny olona ka manao hoe, "Eny, avy amin'ny devoly izany." Oh, satria tsy mahafantatra ny Soratra izy ireo, na ny herin'Andriamanitra koa. Ary izany no antony ilazan'izy ireo an'izany.

205 Enga anie hitahy anareo ny Tompo. Miala tsiny aho mihazona anareo tara tahaka an'izao. Tena mahalana aho no manao an'izao, saingy tsy miaraka aminareo betsaka loatra aho. Noho izany dia mety tsy nahavaly an'ireto fanontaniana ireto araka ny eritreritrareo sy ny sisa aho. Nisy roa voavaly aninkeo maraina. Raha tsy nanao aho, dia Andriamanitra hitahy anareo. Ary izaho—tsy fanahy iniako ny—hanasorena anareo na zavatra. Tsy maintsy niteny fotsiny aho an'izay . . . Mametraka fanontaniana amiko ianareo. Manao ny tsara indrindra amin'ny fahalalako aho ho an'ny valiny. Marina izany.

206 Ankehitriny, tsy mahafantatra be loatra mikasika an'ireo zavatra angamba aho. Tsy mahafantatra na inona na inona an'izay tokony ho fantatro aho. Fa ny zavatra anankiray izay fantatro, dia mamonjy antsika ho afaka amin'ny fahotana Jesosy

Kristy, miaro antsika amin'ny fahotana, ary manome antsika ny Heriny sy ireo Fitahiany.

207 Ary raha hanamarika fotsiny ny manodidina ianareo ka mijery an'izay miseho eo amin'ireo olona izay nivavahana . . . Jereo manerana ny firenena ary jereo ireo famantarana sy fahagagana hatraiza hatraiza. Ary jereo ny ora izay tonga. Tahaka an'ireo sampana roa izay notoriantsika teto fotoana vitsy lasa izay, tonga avy tamin'ny Genesisy, toy ny ahoana no anambaran'izy ireo hatraiza hatraiza. Ahoana ilay tsi-mpino, tena ara-pototra sy mendri-kaja ao amin'ny fivavahany, nefa manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, fa mandà ny heriny . . . Ary ilay Fiangonana dia mandroso.

208 Enga anie Tompo Jesosy hitahy anareo, ny tsirairay avy, izany no fivavako. Ary enga anie ianareo ho tena velona ka ho tena mavesatra entana, enga anie Andriamanitra hametraka eo aminareo olona, ho tena mavesatara entana ho an'ireo fanahy very ka tsy mety matory na andro na alina ianareo. Enga anie Andriamanitra hanaiky ho an'ity Branham Tabernacle ity an'izany tombontsoa ho lasa tena mavesatra entana izany. Tsy ahoako raha tsy mihiakiaka mihitsy ianareo, raha tsy manao zavatra hafa mihitsy ianareo, raha tena mavesatra entana ho an'ireo fanahy very fotsiny ianareo ka tsy mety matory. Rehefa manao an'izany ianareo, dia ho tonga ato izao tontolo izao mba hivavahana. Marina izany. Ho tonga izao tontolo izao mba hivavahana. Ho fantatra hatraiza hatraiza ianareo. Andriamanitra anie hanome antsika Ny Fanahiny: hanao antsika hanetry tena; hamotika antsika; ary hanao antsika ho tena feno ny herin'Andriamanitra hanasitrana ny marary, handroaka devoly, hanao famantarana lehibe sy fahagagana; rehefa mametraka ny tànanareo eo amin'ny marary ianareo ka mangataka an'izany fitahiana izany, tsy misy fisalasalana iray ao am-ponareo, dia minoa fa hataon'Andriamanitra izany. Diniho io marary io, hanomboka ho lasa tsaratsara kokoa izy. Nahoana? Niala taminy ilay ratsy. Tahaka an'ilay hazo nitsangana fotsiny, nijery Jesosy, ary tsy nisy voa teo aminy. Hoy Izy hoe, "Ho voaozona anie ianao."

Efatra amby roapolo ora taty aoriana dia nandalo izy ireo. Hoy Petera hoe, "Jereo, malazo sahady ireo ravina." Nisy zavatra niseho. Voateny ny Tenin'Andriamanitra.

209 Hoy Jesosy hoe, "Manàna finoana an'Andriamanitra. Fa raha miteny amin'io tendrombohitra io ianareo hoe mifindrà, ka tsy misalasala an'izany, dia hankatò anareo izy." Manàna finoana an'Andriamanitra.

Ankehitriny, fotoan'ny Fandraisana izao. Raha manondrika ny lohantsika isika dia hangataka olona iray aho hanatona ny piano.

210 Tompo, izao no ora, fotoana izay angamba ireo lehilahy sy vehivavy, Tompo, manerana an'izao tontolo izao no hahita fa manakaiky ilay ora lehibe an'ny fitsarana rehefa hitsara ny firenena rehetra araka ny toerany ara-politika Andriamanitra. Hatraiza hatraiza, ny toerana tsirairay, ary ny olona rehetra dia tsy maintsy hiaritra an'ireo fitsaran'Andriamanitra. Ary Ray, tena faly izahay ny mahafantatra fa misy fandosirana iray an'ireo olona izay. . . izay haniry ny handositra. Ary izany làlana izany dia amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, Izay ilay— ilay Solofon'i Davida. Ary misaotra Anao izahay, Ray malala, nohon'ny nandefasana Azy mihitsy teto an-tany, fa Izy no Mpanelanelana izay azonay andehanana; hanelanelana ho anay Ianao, ary hanaisotra ny fahotanay, mba ahafahanay handositra ny fahatezerana sy ny fanamelohan'Andriamanitra. Fantatray fa ho avy ny fahatezerana. Ary izany, araka ny voalazan'i Jaona tamin'ireo andro lasa hoe, "Mandosira ny fahatezerana izay ho avy."

211 Ankehitriny, Tompo, mivavaka izahay mba rehefa mandray ny Fandraisana izahay izao hariva izao mba Hanamasinanao anay, Tompo, amin'Ny Rànao manadio; ary enga anie ho voavela ny fahotana tsirairay an'ireto olona ireto. Mivavaka ampanetre-tena sy am-pahatsoram-po aho, Andriamanitra, mba tsy Hamelanao anankiray aminay handray an'izany tsy ampahamendrehana. Satria Ianao no nilaza ao amin'Ny Teninao, fa raha manao an'izany izahay, dia meloka amin'ny Tena sy ny Ràn'ny Tompo izahay. Ankehitriny, Ray, ataovy masina sy nohamasinina ireto olona ireto, mba ahafahanay mandray an'izany tsy misy kilema.

212 Ary ankehitriny, Ray, fantatray fa tany Egypta no nomena voalohany ny Fandraisana. Ary ireo olona izay nandray ny Fandraisana, ny zanak'ondry sy ny mofo, raha nivoaka izy ireo, dia nanao dia tany an-efitra efa-polo taona; nefa tsy nisy anankiray nalemy teo anivon'izy ireo rehefa nivoaka avy tany an-efitra izy ireo. Nandray ny Fandraisana izy ireo.

213 Mamindrà fo Andriamanitra. Mivavaka aho mba ho sitrana ny marary rehetra, ho voavonjy ny very rehetra. Ary ireo izay ara-pomba sy tsy miraika, dia enga anie izy ireo hanatona hanakaiky an'ireo afon'Andriamanitra, hanafana ny fanahiny. Ekeo izany, Tompo. Mamelà anay ankehitriny ary ampio izahay. Mivavaka amin'ny Anaran'Ny Zanakao izahay.

214 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia manontany aho (raha manome feon-kira kely ho antsika ilay rahalahy eo amin'ny piano) raha misy olona iray eto izay hanangana ny tànany ka hanao hoe, "Rahalahy Bill, izaho—izaho am-pahatsoram-po. . . ho an'ny toetry ny fanahy. Izaho—izaho— tiako ianao hahatsiaro ahy. Izaho—izaho—te-handray ny Fanahy Masina aho." Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Manao hoe, "Tsarovy." Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy

anao, ary ianao, ary ianao, ianao, ary ianao. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa, ianao, ary ianao, ianao, Rahalahy. Oadray, ireo tànana hatraiza hatraiza. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, Ranabavy. Ianao, Ranabavy, hitako ny tànanao, hoe te-handray ny Fanahy Masina ianao. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy.

215 Tsy mila fandehanana iray akaiky kely kokoa fotsiny ve ianareo. Tsarovy ry sakaiza, miaina akaikin'ny Fihavian'ny Tompontsika isika. Ankehitriny, Andriamanitra dia manamarina Ny Teniny, ireo famantarana ary fahagagana hatraiza hatraiza.

216 Ankehitriny, azo antoka tokoa fa tsy ho namela ahy hivoaka Andriamanitra ary ho voahosotry ny Fanahy Masina hanao an'ireo famantarana sy fahagagana, hiverina ka hitory ny Teny, sy ny sisa, ary hitahy an'izany hatraiza hatraiza, sy hanao an'ireo zavatra ireo, raha tsy manome ahy hevitra iray mikasika Ny Teniny Izy. Tsy ho nanaiky an'izany Izy. Noho izany dia tena fantatro izay resahako.

217 Raha tsy manana an'i Jesosy Kristy ianareo, tsy manana ny Fanahy Masina, dia enga anie Andriamanitra tsy hamela anareo hanana fitsaharana mandra-pahazoanareo ny Fanahy Masina. Aoka tsy ho voafitaka. Aza mandray fotsiny ny iray amin'ireo fiaikena ara-pomba amin'ny maso maina ireo ary milaza fa manana ny Fanahy Masina ianareo. Tsy mandray ny Fanahy Masina ianareo rehefa mino. Tsy mino ianareo mba hahazoana ny Fanahy Masina. Fanomezan'Andriamanitra izany. Hoy i Paoly hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina hatramin'ny ninoanareo?" Noho izany dia minoa an'izany. Ary enga anie Andriamanitra hanaiky an'Izany ho anareo.

218 Ankehitriny, Ray, ho an'ireo izay nanangana ny tànany, dia mivavaka aho mba Hanomezanao azy ireo ny Tenan'ny Fanahy Masina izao ankehitriny izao. Enga anie Izy hiditra lalina ao anatin'ireo tànana maro, folo na dimy ambin'ny folo izay nitsangana ireo. Mivavaka aho mba Hanomezanao ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireo ny batisan'Ny Tenanao. Enga anie izy ireo ho tena feno ny Fanahy Masina, hany ka hiseho eo amin'ny fiainan'izy ireo ny famantarana sy ny fahagagana, hahita an'ireo karazana famantarana rehetra izy ireo. Tahaka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Ekeo izany, Ray. Mivavaka am-panetre-tena izahay amin'Ny Anaran'ny Zanakao, Jesosy Kristy. Amena. (Rahalahy Neville.)

54-0103E Fanontaniana Sy Valiny #2
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org